



REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandroscana

VOLAVOLAN-DALÀNA LAHARANA FAHA 016/2020
MOMBA NY LALÀNA MIFEHY NY
FITANTANAM-BOLAM-PANJAKÀNA
HO AMIN'NY TAONA 2021

PROJET DE LOI N°016/2020
PORTANT LOI DE FINANCES
POUR 2021

**VOLAVOLAN-DALÀNA LAHARANA FAHA 016/2020
MOMBA NY LALÀNA MIFEHY NY
FITANTANAM-BOLAM-PANJAKÀNA
HO AMIN'NY TAONA 2021**



VOLAVOLAN-DALÀNA LAHARANA FAHA 016/2020 MOMBA NY LALÀNA MIFEHY NY FITANTANAM-BOLAM-PANJAKÀNA HO AMIN'NY TAONA 2021

FILAZANA NY ANTONANTONY

Tompokolahy sy tompokovavy,

Ny Fitondrampanjakana Malagasy dia nametraka fanamby lehibe nanomboka ny taona 2019 momba ny fanatrarana ny fahatarana niainana teo amin'ny lafiny fampandrosoana nandritra ny ampolotaonany maro miaraka amin'ny vina hametraka an'i Madagasikara ho firenena misandratra. Asa maro no efa natomboka tamin'ny alalan'ny fampiasambolam-panjakana teo amin'ireo fotodrafitrasampandrosoana, indrindra ireo fotodrafitrasa fototra. Io ainga io anefa dia indrisy fa nosomparan'ny valanaretina Covid-19. Na dia tsy nihanaka be loatra teto Madagasikara aza ny tsimokaretina dia niantraika mafy tamin'ireo asa fihariana ny vokadratsin'ny fihitaran'ny fihibohana nanomboka ny volana Martsa 2020. Araka izany dia tsy azo iodivirana ny mety tsy hahatratrarana ny tahatombon'ny toekarena napetraka ho 0.8% ao anatin'ny LFR 2020 noho ny zava-misy iainan'ny toekarena eto amin'izao tontolo izao.

Ity LFI 2021 ity dia manisy fiheverana ny vokadratsin'ny valanaretina Covid-19 eo amin'ny lafiny toekarena ary maneho ny finiavana hanamafy ireo lesona azo tao anatin'ny fitantanana ity krizy ity. Ny fandaniana ny Drafitra marolafy ho an'ny hamehana (PMDU) dia hita fa nilaina tamin'ny volana jolay 2020 niaraka tamin'ireto tanjona manaraka ireto:

- Fitantanana ny fipariahan'ny Covid-19 sy famefena ny fihitarany;
- Fitondrana fanampiana ho an'ireo mponina marefo sy fitondrana vahaolana mahomby ho an'ireo filana fototry ny mponina, ho an'ny fanamby momba ny fampihenana ny fahantrana, ny faharefoana ary ny tsy fahampiana; sy
- Fiarovana ny toekarena, fikajiana ny loharanon-karena avy amin'ny olona ary fanamoràna ny fanarenan-doha ny toekarena.

Ny fanatanterahana ny PMDU izay novinavinaina ho dimy volana dia nilàna fanitsiana teo amin'ny lafiny fitantanana azy mba hahatratrarana ireo tanjona napetraka. Na eo aza izany, ireo lahasa noraisina avy amin'io PMDU io dia hitondra vokatry hatrany na dia aorian'ny fotoana hanatanterahana azy ireo aza. Ny LFI 2021 dia hitazona ny fanatanterahana ireo lahasa sasantsasany avy ao anatin'ny PMDU ary mitazona antsaina ireo traikefa sy fanatsaràna tokony nentina tamin'ny fitantanana ny famatsiambola ho an'ny Covid-19.

Ireo ezaka entina hanalefahana ny fiantraikan'ireo tandindon-doza entin'ny fihenana ny toekarena eo amin'izao tontolo izao dia ho tazomina araka izany izay atao mifanindran-dalana amin'ny politika fanarenana ny toekarena ary tsy mihataka amin'ny vina entina hametrahana an'i Madagasikara ho firenena misandratra na eo amin'ny lafiny toekarena na sosialy.

Mba hitazomana ny hafainganam-pandeha ho mafy ao anatin'ny fanatanterahana ny Politika ankapoben'ny Fanjakana izay mitoetra ho fitaratra, ary manisy fiheverana ireo teritery mifandray amin'ny ady atao amin'ny Covid-19, ny fangaraharan'ny tetibola dia hamafisina manomboka eo amin'ny famolavolana azy ka hatrany amin'ny fanjohiana ireo tetikasa. Io dia lalana tsy azo iodivirana ho an'ny tamberin'andraikitra sy fahatomombanan'ny fitantanana ireo famatsiambola ny Fanjakana, na io ho an'ny Governemanta na ho an'ny Mpiara-miombona antoka ara-teknika sy ara-bola izay nanolotra ny fanampiany ny tetibola nandritra ny taona 2020.

Ny LFI 2021 dia mirakitra ihany koa ireo fanavaozana goavana ao anatin'ny fanamafisana ireo anjara andraikity ny Governora sy ny fampitomboana ireo fitaovana enti-miasa omena ireo Distrika sy ireo Kaominina, indrindra amin'ny alalan'ny « Crédit d'Investissement destiné à l'Appui au Développement (CIAD) » sy ireo fanampiana ara-bola ho fampandehanan-draharaha omena ireo kaominina isan-taona. Ny fanomezana andraikitra mivantana ireo Vondrombahoakam-paritra eny ifotony tokoa mantsy dia hahafahana miantoka ny fahazoana an-tsaina ny maha-zavadehibe ireo fandaharanasam-pampandrosoana fametrahana ireo fotodrafitrasa eny ifotony.

Ankoatra izany, ao anatin'ny finiavana hampirindra ireo tetikasam-panjakana amin'ny tena filàn' ny mponina dia hisy fijerena manokana ny fitsinjarana ireo tetikasa arakaraky ny zavatra iainana eny anivon'ireo distrika. Ireo dia hahakasika indrindra ny famitana sy ny fampitaovana ireo fotodrafitrasa vaovao izay natomboka tamin'ny taona 2019, indrindra eo amin'ny lafiny sosialy : trano fampianarana, ivotoeram-panofanana, toeram-pitsaboana, toerana fanaovana fanatanjahantena, sns. Ireo tetikasam-panjakana dia hahakasika ihany koa ny tantsoroka ho an'ny fampiasana ny tontolo ara-kajy mirindra, ny fanatsarana ny fiarovana ny olona sy ny fananany, ny fametrahana ny rafitra hahatonga ho maimaim-poana ny fanabeazana fototra sy ny fitsaboana vonjy taitra hatrany anivon'ireo Distrika, ary ireo tetikasa mikendry ny fampiroboroboana ireo orinasa eny ifotony, indrindra ny PME/PMI.

Farany, ny fanamafisana ny hery enti-miatrika ny fahasahiranana eo amin'ny lafiny toekarena sy sosialy dia ho anisan'ny laharampahamehan'ny Governemanta ihany koa, manampy ny ady atao amin'ny tsy fitovian-tsaranga sy ny fahantrana izay mitoetra ho laharampahamehana. Ny fisian'ny valanaretina Covid-19 sy ny mosary any amin'ny faritra atsimon'i Madagasikara dia nanamafy ny finiavan'ny Governemanta hametraka ny endrika tsara kokoa ho an'ny fitantanana ireo tandindon-doza. Ny famoronana asa vaovao dia hamafisina amin'ny alalan'ny tohana omen'ny Fanjakana ho an'ny sehatra tsy miankina. Ankoatra izany, ny Fanjakana dia hitoky amin'ny fampianaran-dalana ny asa fihariana rehetra mba hananana loharanom-bola ampy hiantohana ny fanarenana ny toekarena.

I- FIRONANA ANKAPOBENY HO AN'NY LFI 2021

Fanarenana ny tontolo ara-toekarena amin'ny alalan'ny fametrahana ho laharampahamehana ny famoronana asa

Ny Fitondrampanjakana dia hanentana ny fitomboan'ny harikarena faobe avy amin'ireo fepetra ara-ketra mahasarika, ireo firosahana an-tsehatra ara-drariny eo amin'ireo tsena ary ireo fandaniambolampanjakana mahomby kokoa. Ny fanamafisana ny famokarana eo amin'ny lafiny fambolena dia atao ho vaindohan-draharaha amin'ny alalan'ireo fandaharanasa iadiana amin'ny fihotsahan'ny tany, ny firongatry ny valala sy ny haintany, ny fanajariana velaran-tany vaovao azo ambolena, ny fampiasana milina amin'ny fambolena ary ny fanarenana ireo lalana mankany amin'ireo toerana tena mpamokatra. Ny fampandraisana andraikitra misimisy kokoa ireo mpitondra eny ifotony, izay omena fitaovana ara-teknika sy famatsiam-bola bebe kokoa no hanampy amin'ny fanatrarana ireo tanjona ireo.

Ny tsenam-panjakana manomboka izao dia hanome vahana ny fandraharahana eto an-toerana. Ireo fepetra mifandray amin'izany dia hahafahana manampy ny hery ahafaha-mifaninana eo amin'ireo orinasa eto an-toerana sy mandray anjara amin'ny ady atao amin'ny tsy fananana asa. Ny fampiroboroboana ny fandraharahana ataon'ny vehivavy sy ny tanora dia asongadina manokana, ohatra amin'izany ny tantsoroka ho an'ny taozavatra sy ny asa madinika fanodinana vokatra ho sakafo. Tahaka ny fanorenana ny tranoben'ny lavana any Antalaha, ny Governemanta dia mihevitra ihany koa hametraka ho laharampahamehana ireo lalam-pihariana mpampiditra vola vahiny mba hampisongadinana ireo tombondahiny anaty fifaninana ananan'i Madagasikara ary hanatsarana ny toerany eo anivon'ny toekaren'izao tontolo izao. Ny fanatsarana ireo hetsika fampodiana vola vahiny ao anatin'izany dia hamafisina.

Ireo fanampiana ara-teknika sy ara-stratejika ho an'ny sehatra angovo dia atao laharampahamehana ato anatin'ity LFI ity. Ny Fitondram-panjakana dia hampiroborobo ny famokarana sy ny fitaterana ireo angovo vokarina ivelan'ny fampiasana solika mba hanamafisana ny fiandrianam-pirenena eo amin'ny lafiny toekarena sy hanamafisana ny fototry ny Fisandratana. Ny tantsoroka ho an'ny fanarenandoha ny orinasal JIRAMA dia hotohizana ihany koa. Fanapahakevitra maro ihany koa no noraisin'ny Fanjakana teo amin'ny lafiny fiaraha-miombona antoky ny Fanjakana amin'ny tsy miankina mba hanetsehana ireo fampiasambola, indrindra avy any ivelany. Ireo mpampiasa vola vaovao ireo dia ho entanina mba hiditra amin'ireo sehatra stratejika, toy ny toeram-ponenana, ny angovo, ny fanodinana vokatra ho sakafo, sns. Ho setrin'izany, ny Fitondrampanjakana dia manaiky fa hametraka tolodraharaha manakaiky kokoa ireo mpampiasa izany, toy ireo "Hôtel des Finances", ireo Foibem-pitondrana eny amin'ny Faritra momba ny filaminam-bahoaka, ireo Fitsarana ambaratonga voalohany, sns.

Fanohizana ireo ezaka entina manatratra ny fahatarana eo amin'ny lafiny fampandrosoana ny sehatra sosialy

Hiatrehana ny faharefoana mihamafy misy eo amin'ny mponina vokatry ny krizy ara-pahasalamana, ny tetibola natokana ho an'ny sehatra sosialy dia mitoetra ho laharampahamehana. Eny fa na dia ambany aza ny tahan'ny olona mitondra ny aretina sy ny isan'ny maty vokatry ny Covid-19 eto Afrika miohatra amin'ny hita any amin'ireo kaontinanta hafa, ny fiantraikany eo amin'ny fari-piainana isan-tokantrano, raha jerena dia misongadina kokoa noho ny tamin'ireo krizy hafa tany aloha. Araka izay

voalazan'ny Banky iraisam-pirenena, ny tahan'ny fahantrana aty Afrika dia mety hitombo mari-tondro roa amin'ny isan-jato ho an'ny taona 2020. Eny amin'ireo renivohitra, 10%-n'ny mponina no voasokajy ao anatin'ireo izay nanjary nahantra raha tsy izany teo aloha. Eto Madagasikara, ny vola miditra eo amin'ny isan-tokantrano izay efa kely teo aloha dia mbola nihena vokatry ny fiatoana ara-teknika teo amin'ny asa sy ny fihenana fanondranana entana. Ny HAF ho an'ny isambatanolona dia 537 USD ho an'ny taona 2019, 503 USD ho an'ny 2020 ary 530 USD ho an'ny 2021.

Ao anatin'ity LFI 2021 ity, ny Fitondrampanjakana dia manamafy indray ny finiavany hameno izay fahabangana tsapa nandritra ny ampolotaonany maro eo amin'ny lafiny tolotra ara-tsosialy indrindra ny momba ny sehatra fahasalamana, ny fanabeazam-pirenena, ny fampianarana ambony, ny filaminambahoaka, ny fitsarana, ny fisitrahana rano fisotro madio, ny fidiovana, ny fanadiovana ary ny fitantanana ireo tandindon-doza sy ireo loza. Ankoatra ireo fotodrafitrasa vaovao novinavinaina ho an'ny taona 2021 ary ao anatin'ny tanjona voalohany fanampiana ireo izay tena sahirana dia fisitrahana ireo tolodraharaham-panjakana amin'ny endriny tsaratsara kokoa no hiantohana amin'ny alalan'ny fitrandrahana ireo fahaiza-manao sy famindrana amin'ny toerana saha azy ireo mpiasa efa eny amin'ireo minisitery. Ny fanampiana omen'ireo mpiara-miombona antoka ara-teknika sy ara-bola (PTF) eo amin'ny sehatra sosialy dia mijanona ho zava-dehibe na eo aza izany, satria na dia eo aza ny ampahany betsaka tanan'io sehatra io ao anatin'ny tetibolampanjakana dia tsy mahasahana afa-tsy filana vitsivitsy ihany ireo famatsiambola azo hetsehina.

Fanamafisana ny hery enti-miatrika ny fahasahiranana eo amin'ny lafiny ara-bola amin'ny alalan'ny fanetsehana ireo loharanombola azo hetsehina

Madagasikara, dia mahazo an-tsaina fa izy dia afaka mihambo ho tendro itodihan'ireo fampiasambola raha mipetraka ny fandriampahalemana sy ny rariny eo amin'ny lafiny sosialy. Ambonin'izany, ny fahamaivanan'ny fifandraisan'ny kaontinanta afrikanina tamin'ny tsenan'ny renivola sy ny famatsiambola no nanome azy hatreto ny hery enti-miatrika ny fahasahiranana. ny fahabetsahan'ny loharanon-karena ara-boajanahary sy ny fahatanoran'ny mponina ao aminy dia tombony lehibe izay hahafahany mitondra fanarenana haingana raha omena lanja. Ho an'ny taona 2021, ny Fitondrampanjakana dia hanompana famatsiambola sy antoka ara-bola manomboka eto amin'ireo hetsika fanampiana ireo tanora mpandraharaha. Hamerina ireo hetsika fampiasana ireo "Fonds souverains" izy, hanohy ny famatsiana ny vola ahompana amin'ny ady atao amin'ny Covid-19 ary hanohy ny fanatanterahana ny PMDU. Ny fanamafisana sy ny fanatsarana ny lentan'ireo mpiasa eto an-toerana, indrindra ireo tanora dia ho tohizana araka izany ary fanekena maro no hizotra amin'izany mba handray anjara amin'ny fanarenana ny toekarena.

II- VINAVINA ARA-TOEKARENA SY ARA-BOLA

Fiverenan'ny ampahany amin'ireo asa fandraharahana andrasana amin'ny taona 2021

Ny tontolon'ny famokarana sy ireo varotra eto amin'izao tontolo izao dia mbola mijaly noho ny voka-dratsy nateraky ny valanaretina Covid-19. Ireo fepetra ara-pahasalamana no nitarika ny fihemorana ara-toekarena izay nahahenika ny maro tamin'ireo seha-pihariana. Raha jerena manokana, ny sampana "hotely, toeram-pisakafoanana" dia nahitana fidinana mihoapampana -79.4% ary ny an'ny indostria mpitrandraka harena ankibon'ny tany dia -53.2%. Ny tahatombon'ny harikarena izay novinavinaina ho 0.8% tao amin'ny LFR 2020 dia nampidinina ho -3.8%. Ny seha-pamokarana voalohany dia tsy voakasiky ny valanaretina firy ary nisitraka ihany koa ireo fandaharanasam-panjakana niarahana niombona antoka tamin'ireo PTF. Nandrandraina ho 3.5% tao anatin'ny LFR 2020, ny tahatombon'izy io dia nahitsy ho 3.1% ho an'ny taona 2020. Ho an'ny taona 2021 dia tahatombon'ny toekarena 4.5% no andrasana. Io vinavina io dia tohanan'ny fiakaran'ny sehatra voalohany 3.6%, ny sehatra faharoa 10.6% ary ny sehatra fahatelo 4.1%. Ny fitondrampanjakana Malagasy dia hanohy araka izany ny fanohanany miaraka ny tinady sy ny tolotra eto amin'ny firenena avy amin'ny fijerena ireo sehatra mpamorona asa toy ny BTP, ny fihariana eny amin'ny tontolo ambanivohitra, ny taozavatra ary ireo PME/PMI.

Vidimpiainana maritoerana sy manaraka ireo vinavinam-panarenana ny toekarena

Ho an'ny taona 2021, ny fisondrotry ny vidimpiainana dia andrasana ho +6.2% amin'ny faran'ny taona. Io vinavina io dia mihevitra mialoha izay vokatry entin'ny fiakaran'ny vidin'ny solika, izay mifanojo amin'ny vinavina momba ny fitomboan'ny toekarena eo amin'izao tontolo izao heverina ho 5.2%¹ ho an'ny taona 2021 sy ny fihenana-danja izay voafetra ihany ho an'ny Ariary. Ambonin'izany, rehefa nojerena ny fivoaran'ny valanaretina Covid-19 dia tsy ho tafaverina amin'ny laoniny ny tontolon'ny famatsiana raha tsy any amin'ny telovolana voalohan'ny taona 2021, ka hisy fiantraikany ratsy eo amin'ny lafiny tolotra eny amin'ireo tsena. Hisorohana ireo tsindry mety hampiakatra ny vidimpiainana, ny Governemanta dia hanohy ny fanohanana ny tontolon'ny tolotra ankapobeny amin'ny alalan'ny fanohizana ny fanatrarana ny tanjona fahavitan-tena ara-tsakafo, ny fanohizana ireo tetikasa fanorenana fotodrafitrasa enti-mamokatra (fambolena, lalana, sns.) ary ny fitodihana amin'ny fanafarana ireo PPN. Ireo fepetra ireo dia hahafahana manome setriny mahafa-po ny fiakaran'ireo tinady, izay mifanaraka amin'ny tahatombon'ny toekarena novinavinaina. Momba ny Banky Foiben'i Madagasikara (BFM), izy dia mihevitra ny hametraka politika ara-bola somary malina amin'ny alalan'ny famerana fiovan'ny antontam-bola ho +19.4% raha +28.1% izany ho an'ny taona 2020.

Fihenana-danja voafehy ho an'ny Ariary

Ny sandambola Dollar US / Ariary dia andrasana ho 3 936.7 ho an'ny taona 2021 (salanisa ho an'ny taona), izany hoe fihenana-tsanda -3.7% miohatra amin'ny tombana novinavinaina ho an'ny taona 2020.

¹ (FMI/Perspectives Economiques Mondiales, oktobra 2020)

Miaraka amin'ny toedanja ara-barotra izay nisiam-patientoka hatrizay sy ny fisondrotry ny vidimpiainana ambony noho ny an'ireo firenena mpiara-miombona antoka raha arahina ny tantara, I Madagasikara dia mahita isan-taona fihenana-tsanda eo amin'ny volany raha oharina amin'ireo vola vahiny mahazatra eo amin'ny fifanakalozana (Dollar US, DTS, Euro). Ankoatra izay, ny Dollar US no mitoetra ho vola vahiny entina amin'ny fifanakalozana iraisam-pirenena ka manana fironana ho azy any amin'ny fitomboan-tsanda. Na eo aza izany, ny Ariary dia tokony hahazo tohana avy amin'ny fiverenan'ireo fihariana ao anatin'ny sehatry ny fizahantany manomboka amin'ny telovolana voalohany amin'ny taona 2021, ny fiverenana miandalana amin'ny hadirin'ny famokarana tsapa nialoha ny krizy ho an'ireo orinasa afakaba (27.9%-n'ny vola niditra avy amin'ny fanondranana entana tamin'ny taona 2019) ary ny fitomboan'ireo fampiasambola vahiny mivantana (IDE). Ny BFM dia mihevitra ny hanangana ny tahirim-bolamena manomboka izao mba ho entina miatrika ireo fiovaovana be eo amin'ireo vola vahiny ampiasaina amin'ny fifanakalozana toy ny Dolara US. Ireo fepetra toy ny fanamafisana ny fitsirihana ny fampodiana ireo vola avy amin'ny fanondranana entana dia horaisin'ny Fanjakana sy ny BFM miaraka mba hiadiana amin'ny fivoahan'ireo vola vahiny an-tsokosoko.

Fihatsaran'ny toedanjam-pifanakalozana ivelany ho an'i Madagasikara

Ny fivoaran'ny toedanjam-pifanakalozana ivelany afa-karatsaka ho an'i Madagasikara dia tokony hisiana tombombarotra amin'ny taona 2021, izany hoe +139.3 tapitrisa DTS. Na eo aza ny fihenana teo amin'ny kaontin'ny renivola sy ny famatsiambola, ito farany dia manohy ny famenoany ny fatiantoky ny kaonty mahazatra. Etsy andaniny, ny kaontin'ny renivola sy ny famatsiambola dia hisian'ny vokatry ratsy ateraky ny fiakaran'ny be eo amin'ireo vola tsy maintsy efaina any ivelany (trosa ara-barotr'ireo orinasa miasa eto sy petrabola ataon'ireo tsy monina eto), ny famerenana ireo trosampanjakana, ny fihenana-ireo fanampiana ny tetibola voasonia ho an'io vanimpotoana io ary ny fihenana-ireo fanomezana amin'ny endriny tetikasa ho an'ny Fitondrampanjakana. Etsy ankilany, ny fatiantoky ny kaonty mahazatra dia heverina fa hidina miohatra amin'ny an'ny taona 2020. Ito farany dia tokony hahazo tombony amin'ny fiverenana amin'ny ampahany eo ho an'ny fanondranana entana, ny fihenana-ny tamberimbola ho an'ireo renivola miasa eto Madagasikara alefa amin'ireo kaontin'ireo tsy miasa eto sy ny fiakaran'ny famindrambola mahazatra eo anivon'ny sehatra tsy miankina. Ny fihatsaran'ny kaonty mahazatra no tena misongadina miohatra amin'ny fihenana-ny fidinan'ny kaontin'ny renivola sy ny famatsiambola, ny toedanja ankapobeny dia tokony hihatsara amin'ny taona 2021 (+106.3 tapitrisa DTS miohatra amin'izay tontosa ho an'ny taona 2020). Momba ny Banky Foiben'i Madagasikara (BFM), izy dia maminavina ny fanohizana ny politika fanangonana ireo tahirimbola vahiny sy volamena mba hahafahana manefa ny sandam-panafarana entana sy ireo tolodrahara tsy entina mamokatra mandritra ny 6.1 volana.

Fifehezana am-pahamalinana ireo antontambola mivezivezy kendrena ho an'ny fanatanterahana ireo tanjona eo amin'ny lafiny vidimpiainana sy ny fitomboan'ny toekarena

Eo amin'ny lafiny politika ara-bola, ny Banky Foiben'i Madagasikara (BFM) dia mihevitra ny hitondra politika malina ho an'ny taona 2021. Mametraka vinavina izy araka izany ho an'ny fivoaran'ny antontambola M3 izay ho +19.4%, raha +28.1% ho an'ny 2020. Io lasitra napetraka izay mifanojo amin'ny politika ara-tetibola apetraky ny Fitondrampanjakana io dia mipetraka ho tanjona antenantenany izay hahafahany mifehy ny fisondrotry ny vidimpiainana. Marihana fa ny BFM dia nanambara ihany koa ny fanamafisany ny fandraisany anjara amin'ny fampitomboana ny toekarena sy ny fampanana asa aorian'ny taona 2020 izay

nisehoan'ny krizy ara-pahasalamana izay niantraika mafy tamin'ny sehatry ny famatsiambola. Mba hifehezana ireo vola mivezivezy eo amin'ny tsenam-bola mandritra ny taona, ny BFM dia hanohy ny fametrahany ny safidiny amin'ireo fitaovana ananany miasa an-kolaka: ny taha mpanjotra ny tahan'ny zanabola (notazomina ho 9.5% amin'izao fotoana izao), ny tahan'ny petrabola tsy maintsy atao (notazomina ho 11% ho an'ireo petrabola sandaina amin'ny Ariary ary 24.0% ho an'ny petrabola sandaina amin'ny vola vahiny amin'izao fotoana izao) ary ireo hetsika fanomezana famatsiambola vaovao na fisintomana ireo vola mivezivezy eny amin'ireo tsenambola.

Fanohizana ireo ezaka fampitomboana ny tahatsindriketra

Ireo vinavina ho an'ny taona 2021 dia nifotra tamin'ny fiverenan'ny ampahany amin'ireo asa fihariana. Mahakasika ireo vola miditra amin'ny Fanjakàna ivelan'ireo fanampiana dia fitomboana be 37.4% no andrasana miohatra amin'ny zava-bita tsikaritra vonjy maika ho an'ny taona 2020. Ireo vola miditra afa-karatsaka dia tomanana ho lelavola mitentina 6 358.0 miliara Ariary ho an'ny taona 2021, raha toa ka 4 589.6 miliara Ariary ho an'ny taona 2020. Io sandan'ny vola tafiditra io dia hahafahana manatratra ny tahatsindriketra 10.9%, izany hoe nahitana tombony teboka 0.5 raha miohatra amin'ny zava-nisy talohan'ny krizy, izay 10.4% tamin'ny taona 2019. Ireo vola miditra avy amin'ny hetra anatin'ny dia hahatratra 3 548.9 miliara Ariary, izany hoe 6.1%-n'ny HAF ary ny vola miditra avy amin'ny habatseranana dia hitentina 2 809.1 miliara Ariary, izany hoe 4.8%-n'ny HAF. Na dia hoe misy fiakarana be hita aza eo amin'ireo vola miditra dia misy ireo fepetra maromaro mifanindran-dalana izay miendrika fanentanana entina hanohanana ny fananganana orinasa tsy miankina amin'ny Fanjakàna. Momba ireo vola miditra ivelan'ny hetra dia fiakarana 31.9% no andrasana raha oharina amin'ny zava-bita hita vonjimaika ho an'ny taona 2020, izany hoe mitotaly ho 164.9 miliara Ariary izy io ho an'ny 2021, raha 125.0 miliara Ariary ny taona mialoha io.

Mahakasika ireo fanomezana, vola mitentina 1 437.8 miliara Ariary (manodidina ny 365 tapitrisa Dolara US) no novinavinaina, izany hoe fihenana 18.4% miohatra amin'ny vinavin'ny LFR 2020. Io zavatra hita io dia vonjimaika ihany anefa satria hisy famatsiambola hafa andrasana mandritra ny taona arakaraky ny famoahana ireo fanampiana ara-bola avy amin'ireo mpamatsy vola marolafy. Ny Fitondrampanjakana ankoatra izany dia manohy ny fandresena lahatra ireo PTF rehetra, indrindra ny Tahirimbola iraisampirenena (FMI), mba hahazoana ireo famatsiambola mifanaraka amin'ny vanimpotoana entina manampy amin'ny fanarenana ny toekarena.

Fandaniambola tsara fitodika, antoky ny fahafahan'ny toekarena sy ny sehatra sosialy miatrika ireo fahasahiranana ho mafonja kokoa

Ireo fandaniambolam-panjakana ho an'ny taona 2021 dia mitentina 11 420.2 miliara Ariary, raha 10 643.1 miliara Ariary tao amin'ny LFR 2020, izay 19.1%-ny HAF tao amin'ny LFR 2020 hanjary 19.6%-n'ny HAF ato amin'ity LFI etoana ity. Ny fandaniana rehetra dia mizotra amin'ny famatsiambola ireo firotsahana an-tsehatra ataon'ny Fanjakàna izay mikendry ny fanarenana ny toekarena sy ny fanalefahana ny fiantraikan'ireo tranga ratsy ara-toekarena sy ara-tsosialy, ka anatin'izany ny Covid-19 sy ny mosary any amin'ny faritra Atsimo. Mifanindran-dalana amin'ireo politika izay efa natomboka dia famatsiambola misongadina no horaiketina sy alefa mankany amin'ny fanatanterahana ireo fampanantenan'ny Filohampirenena. Ireo fampiasambolam-panjakana dia hitazona hatrany ny ampahany betsaka amin'ny

tetibolampanjakàna mba ho fanoitra ho an'ny toekarena eny amin'ireo sehatra toy fotodrafitrasa momba ny lalana, ny angovo ary ny fampandrosoana ny tontolo ambanivohitra. Ny hafainganam-pandeha eo amin'ny lafiny fanatanterahana azy ireny dia hamafisina eo anilan'izany raha jerena ny LFR 2020 izay nahitana fahatarana tsindraindray noho ny fametrahana ny hamehana ara-pahasalamana.

III- FITODIKY NY TETIBOLAMPANJAKÀNA AO AMIN'NY LALANA MIFEHY NY FITANTANAM-BOLAM-PANJAKÀNA 2021

III.1- VOLA MIDITRA

III.1.1- HETRA

III.1.1.1- MIKASIKA IREO FIDIRAM-BOLA ARA-KETRA ANATINY:

Ny vinavina amin'ireo fidiram-bola ara-ketra anatiny dia 3747,72 miliara Ariary na 56,47% n'ny totalin'ireo fidiram-bola ara-ketra, izay nahitana fiakarana ho 990,72 miliara Ariary mihoatra ny vinavinan'ny lalànan'ny teti-bolam-panjakana 2020 nasiam-panitsiana.

Ny vinavina ara-ketra dia mametraka tanjona ambony. Ny Minisiteran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola dia mametraka paik'ady ahatrarana ny tahan'ny tsidrin-ketra (TPF) mihoatra ny 14% amin'ny taona 2023.

Arivo Ariary

KARAZAN-KETRA	LFR 2020	PLFI 2021	Elanelana LFR
Impôt sur les Revenus	633 190 000	860 750 000	227 560 000
Impôt sur les Revenus Salariaux et assimilés	444 460 000	607 140 000	162 680 000
Impôt sur les Revenus des Capitaux Mobiliers	53 310 000	71 510 000	18 200 000
Impôt sur les Plus-Values Immobilières	5 730 000	8 990 000	3 270 000
Impôt Synthétique	52 880 000	79 750 000	26 860 000
Droit d'Enregistrement	34 680 000	49 080 000	14 390 000
Taxe sur les Marchés Publics	131 690 000	208 000 000	76 310 000
Taxe sur la Valeur Ajoutée	949 110 000	1 256 910 000	307 800 000
Droit d'Accise	425 210 000	568 950 000	143 740 000
Assurances	7 770 000	10 220 000	2 440 000
Autres	1 940 000	3 270 000	1 330 000
Droit de Timbres	17 010 000	23 150 000	6 130 000
FITAMBARANY	2 757 000 000	3 747 720 000	990 720 000

Ny anjaran'ny Fandraharahana ara-ketra amin'ny tahan'ny tsidrin-ketra (TPF) dia novinavinaina ho 6,1% ny taona 2021 ary ahatratra 8,0 % amin'ny taona 2023.

Ny Minisiteran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola dia naka ny andraikitra amin'ny tsy hamoronana hetra vaovao sy ny tsy ampiakatra ireo taha. Ireo ezaka rehetra dia ahompana amin'ny fitantanana ireo hetra sy haba.

Amin'ny firafitry ny vola miditra, ireo vinavinam-pidiram-bola amin'ireo hetra sy haba dia nampiakarina na teo aza ny olana ara-pahasalamana Covid-19 izay nisy fiantraikany tamin'ireo raharaha ara-toekarenan'ny firenena, koa natao ny fandraisana lalàna mifandraika amin'izany. Ny Fandraharahana ara-ketra dia mihevitra

ahatratra ny tanjon'ny fampidiram-bola ara-ketra amin'ny alalan'ny fandaharan'asa Hetsika Tambazotra (Initiative Digitale) sy ny fanovàna izay efa natomboka tamin'ny taona 2019, mikasika ny :

- Fanitarana ny ambaindain'ny mpandoa hetra ka ny ezaka atao dia ny fampidirana ireo sehatra ara-toekarena tsy manara-dalàna ;
- Ny fametrahana ny sehatra « front office » e-hetra : e-déclaration, e-payement, e-bilan, e-salariés ;
- Ny rafitra vaovao « back office » ho fitantanana mitambatra ireo hetra sy haba amin'ny alalan'ny « SAFI » ;
- Ny fametrahana ny haba amin'ny tsenam-barom-panjakana (TMP).

III.1.1.2- MIKASIKA NY FEPETRA ARA-KETRA :

Ny fepetra ara-ketra amin'ny Lalàna mifehy ny Fitantanam-bolam-panjakana amin'ny taona 2021 dia mirona indrindra amin'ny fanaingana indray ny toekarena tao aorian'ny fiatrehana ny COVID-19, amin'ny fiarovana ireo vola miditra, ny fanamaivanana ireo fombafomba arahina, ny fametrahana ireo fepetra ahafahan'ireo vondrom-paritra manatsara ireo fidiram-bolany, ary farany ny fanohizana ireo asa natao tamin'ny Lalàna mifehy ny Fitantanam-bolam-panjakana nasiam-panitsiana ny taona 2020 indrindra ny lafiny ara-tsosialy sy fananan-tany.

Ireo fepetra ireo dia natao indrindra koa ho fampandraisana anjaran'ny hetra anatin'ny amin'ny fanatrarana ireo tanjon'ny PEM, amin'ny fangaraharana sy ny ady amin'ny kolikoly.

- Fanatanterahana ny fanaingana indray ny toekarena, amin'ny alalan'ny fanomezana an'ireo indostria eto an-toerana ny fanalefahana ny hetra ho an'ireo akora fototra, sy ny fanentanana ny fanjifàna, amin'ny :
 - ny fanovàna ny fomba fikajiana ny IRSA amin'ny fampiharana miandalana ny fikajiana izany mba analefahana ny fomba fikajian-ketra entina ampihenana ny hetra (- 29.38 miliara Ariary), izany no atao dia entina ampitomboana ny fahefa-mividy ny mpiasa andrisihina ny fanjifàna ;
 - ny fanesorana ny TVA amin'ireto vokatra manaraka ireto :
 - ny katsaka (varotra anatin'ny), ny lafarinina (vokarina eto an-toerana) sy ny menaka fihinana (vokarina eto an-toerana) : (- 13.77 miliara Ariary) ;
 - ny varimbazaha (fanafarana sy varotra anatin'ny : - 3.17 miliara Ariary) ;
 - ny fampidinana ny tahan'ny TVA ho 5 isan-jato ho an'ny fanafarana, ny varotra anatin'ny entona fandrehitra, sy ireo paty fihinana vokarina eto an-toerana (- 26.77 miliara Ariary);
 - ny fampidinana ny tahan'ny hetra tsy mivantana alaina amin'ny fandanianana (DA) amin'ny fifandraisan-davitra ho 8 isan-jato ;
 - ny fampiharana ny taha ho 50 isan-jato amin'ny DA amin'ny fanafarana ny dite sy ny sira

(DA + TVA : 0.552 miliara Ariary) ;

- ny fanesorana ny TVA nividianana solika tamin'ny vondrona mpihary herinaratra ampiasain'ireo Trano fandraisam-bahiny sy Fisakafoana any amin'ireo toerana tsy misy herinaratra ;
- Fanamboarana ireo fepetra ara-ketra sasantsasany ahafahan'ireo Vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana manatsara sy miaro ireo fidiram-bolany ahafahany miatrika ny fampandrosoana sy ny fanamafisana ny fanapariaham-pahefana tena izy :
 - Fampitoviana ny fitantanana ny hetram-bondrom-bahoaka voalazan'ny Boky II ny Fehezan-dalàna ankapobe momba ny hetra ;
 - Famaritana ny fankatoavana ny Taratasy fitakian-ketra ataon'ireo tompon'andraikitra ny Ivon-ketra : fahafahana hanome alalana hanao sonia ;
 - Fanazavàna ireo fombafomba arahina amin'ny hetram-bondrom-bahoaka.
- Famaritana ireo fepetra ara-ketra sasantsasany entina miaro ireo vola miditra avy amin'ny hetra :
 - Fepetra mikasika ireo fomba fanesorana ireo vola nolania samihafa amin'ny fikajiana ny fototra amerana ny hetra alaina amin'ny vola miditra : tambin-karama amin'ny fisetroan-dronono, fanesorana ny famindrana ny fatiantoka ara-ketra ;
 - Famaritana ireo fepetra momba ny fameran-ketra tsy misy fierana ;
 - Fanitarana ny sehatra amerana ny Haba ho an'ny tsenam-barom-panjakana (TMP) ho amin'ny fampiasana ny volam-panjakàna ;
 - Fanitarana ny fampiharana ny Haba alaina amin'ny tsenam-barom-panjakana amin'ireo mpiandraikitra fanaovana asa dingana voalohany nomen'ny tompon'ny tsenam-barom-panjakana (+ 1.14 miliara Ariary).
- Fampanarahana araka ny toetr'andro ireo fepetra ara-ketra mikasika ny fampiasana ny elekitronika ny Fandraharahana ara-ketra, amin'ny alalan'ny fampitoviana ny fiantsoana ny sehatra antambazotra avy amin'ny fampiharana ny rafitra iombonan'ireo raharaha ara-ketra : fametrahana ireo filazàna, fametrahana ireo tovana samihafa, fandefasana ireo fampahafantarana, fahefana mitaky fampahalalana, famoahana ireo karatra ara-ketra, ...
- Fanitarana ny sehatra ampiharana ny hetra amin'ny fanamorana ny fananganana sy ny fitantanana ireo orinasa madinika :
 - Mikasika ny Hetra tambatra (IS) : fametrahana ireo rafi-marika amin'ny vola fandrotsaka mialoha amin'ny fanombohan'ny asa mba ampangarahara ireo fandaniana ara-ketra iantsorohan'ireo mpandraharaha ;
 - Fametrahana ihany koa ho an'ireo olona iharan'ny IS izay tsy afaka mitàna sy manome kaonty, ireo fara-fandoa kely indrindra araka ireo fepetra voalazan'ny didy आम-pitsipika.
- Fepetra famporisihana amin'ny fikarakarana ny fananan-tanin'ireo olom-pirenena :

Fanohizana ny fampiatoana ireo sara amin'ny filazàna fandovàna, ireo fizarana avy amin'ny fandovàna ary koa fametrahana sarany raikitra Ar 40 000 amin'ny fanolorana ataon'ny ray aman-dreny ho an'ny zanany samy mbola velona.

- Fepetra ara-ketra amin'ny fanatanterahana ny politikam-panjakàna mikasika ny fahasalamam-bahoaka amin'ny :
 - fanafoanana ny TVA amin'ny fanafarana sy ny fivarotana “iode” sy “fluor” : fampidirana ireo singa ireo amin'ny sira (- 0.003 miliara Ariary) ;
 - fanafoanana ny TVA amin'ny fanafarana sy ny fivarotana ireo fitaovana, fampitaovana sy kojakoja ara-medikaly (- 6.75 miliara Ariary).

Ankoatr'izany, ho famenoana ireo fepetra ankehitriny, dia natao ny fanadiovana vitsivitsy, fampanarahana toetr'andro, fanitsiana ireo fahadisoana ara-materialy, famaritana, fandrindrana sy fampitoviana amin'ireo rijan-teny hafa, atao arak'izany ny fametrahana ny fepetra mifandray amin'ny tsy fahalaniana paik'andron'ny taom-piasana ara-ketra 2017 (taona tsotra na taom-piasana tsy mahazatra).

III.1.1.3- MIKASIKA IREO FEPETRA ARA-PITANTANANA :

Ireo ezaka ho tratrahin'ny Fandraharahana ara-ketra dia 543 miliara Ariary.

Ny fandraisana ireo fepetra mikasika ny lalana dia misy fiantraikany amin'ny teti-bola « - 78,16 miliara Ariary ». Ny Fandraharahana ara-ketra dia hametraka ireo fepetra ara-pitantanana amin'ny ankapobeny sy ny fitantanana ireo hetra sy haba mba ahazoana «+543,67 miliara Ariary » amin'ireo vola miditra fanampiny :

	(Arivo Ariary)
Fitantanana mahomby ny TVA(E-déclaration, e-bilan)	50 000 000
Fitantanana tsara ny IRSA amin'ny alalan'ny sehatra E-SALARIE	6 740 000
Fanitarana ny fandoavam-bola elektronika (E-hetrapaiement, e-hetraphone, hetraonline)	20 000 000
Fandraisana an-tanana ny DAT	20 000 000
Fanitsiana ny DA amin'ny ranom-boakazo	39 380 000
Fampidirana ireo trosa-ketra	152 000 000
Fanaraha-maso ny hetra	55 000 000
Fampiharana ny AIRs	53 850 000
Fanaraha-maso ny fampidirana ny TMP	146 700 000
FITAMABRANY	543 670 000

III.1.2- FADINTSERANANA

Ao anatin'ny volavolan-dalàna momba ny Lalàna mifehy ny Fitantanambolam-panjakana an'ny taona 2021, ny fanitsiana ny Fehezan-dalàna mifehy ny Fadintseranana entin'ny Fandraharahana ny Fadintseranana dia mikendry ny fampifanarahana ny rijan-tenin'ny Fehezan-dalàn'ny Fadintseranana Malagasy amin'ny rijan-tenin'ny Fehezan-dalàn'ny Fadintseranana ny COMESA, ny fanamafisana ireo fepetra mahasika ny fiarovana ny fampidirana ny vola miditra amin'ny Fadintseranana ary ny fanazavana ireo rijan-teny mahakasika ny fomba famoahan'entana.

Ireo fepetra noraisina dia mifanaraka amin'ny tanjona napetraka izay mifanaraka amin'ny fanatanterahana ny Politika ankapoben'ny Fanjakana sy ny drafitra stratejikan'ny Fandraharahan'ny Fadintseranana Malagasy.

Mahakasika ny fanavaozana ny lazam-bidin'ny Fadintseranana, dia ampiharina ny fanafahana ny hetra amin'ny fanafarana ny varim-bazaha, ny ioda, ny fluor ary koa ny fitaovana, ny fampitaovana sy ny kojakoja mahakasika ny fitsaboana afahana mandray anjara amin'ny ady hatrehana manoloana ny valan'aretina COVID 19. Ankoatr'izany, ny vidim-barotra alaina amin' ny haba amin'ny tataom-bidy (TVA) eo amin'ny fanafarana ny gaz butane sy ny fonosany dia ferana ho 5%.

Ankoatr'izany, ao anatin'ny fandaharan'asam-panavaozana sy afahana manatsara ny fiarovana ny vola miditra amin'ny Fadintseranana, ny Fandraharahan'ny Fadintseranana dia hametraka tetikasa fampiasana fitaovam-pitsiriana zato isan-jato ho an'ny entana rehetra afarana avy any ivelany na aondrana. Izany fandraisana an-tanana izany dia afahana mahita ny hosoka, amin'ny alalan'ny fanatsarana ny rafitra mahakasika ny fitantanana ny risika mandritra ny fanaraha-maso voakendry kokoa.

III.1.2.1- NY AMIN'NY FAMPIDIRAM-BOLA AMIN'NY HABAN-TSERANANA:

Rehefa avy nandalo disadisa ara-toekarena vokatry ny valan'aretina Covid-19 ny firenena, dia mihamivelatra hatrany ny sehatra ara-barotra mahakasika ny entana manomboka amin'ny faran'ny taona 2020. Araka ny fijerena ny fiverenan'ny sehatra ara-barotra amin'ny laoniny etsy andaniny sy ny fanalefahana vokatry ny fepetra hampitomboana ny fiharian-karena etsy ankilany, ny fampidiram-bola amin'ny Fadintseranana dia hitombo 18%.

Amin'ny 2869,1 miliara Ariary momba ny fampidiram-bola amin'ny Fadintseranana ho an'ny taona 2021, ny 75% dia ho azo avy amin'ny fanafarana entana mahazatra ary ny 25% dia avy amin'ny fanafarana akora azo avy amin'ny solika.

Nature des droits et taxes	Montant (En milliers d'Ariary)	Part dans les recettes douanières
Droit de douane	653 400 000	22.8%
TVA	1 494 300 000	52.1%
Droit de navigation	1 200 000	0.0%
Taxe sur produits pétroliers	302 700 000	10.6%
TVA sur produits pétroliers	417 400 000	14.5%
TOTAL	2 869 100 000	100.0%

III.1.2.2- MAHAKASIKA NY FEHEZAN-DALANA MOMBA NY FADINTSERANANA :

Ny fanitsiana noentina amin'ny Fehezan-dalana mahakasika ny Fadintseranana dia mikendry ireto tanjona manaraka ireto :

1) Fampifanarahana amin'ny rijan-tenin'ny Fehezan-dàlan'ny Fadintseranana momba ny COMESA ny rijan-tenin'ny Fehezan-dàlana ny Fadintseranana Malagasy mahakasika ny sata ara-toekarena, indrindra ny resaka fampidirana entana tsy maharitra :

- Fanamboarana sy fampidirana rijan-teny vaovao mahakasika ny famaritana Restructuration (Andininy faha-190) ;
- Fampidirana rijan-teny vaovao momba ny fepetra fahazoana ny sata mahakasika ny fampidirana entana tsy maharitra (Andininy faha-190 bis) ;
- Famaritana ireo fepetra fahazoana ny sata mahakasika ny fampidirana entana tsy maharitra ampiatoana tanteraka na amin'ny ampahany ny sara sy haba (Andininy faha-190 ter) ;
- Fanoritana mahakasika ny fikirakirana ahazoana alalana ao anatin'ity sata ity (Andininy faha-190 ter) ;
- Fanoritana ny fe-potoan'ny fampidirana tsy maharitra sy ny fametrahana ny antoka (Andininy faha-191) ;
- Fanoritana momba ny rijan-tenin'ny fepetra famaizana mifandraika amin'ny entana mizakany sata fampidirana entana tsy maharitra (Andininy faha-193.2°) ;
- Fampidirana rijan-teny vaovao mifandraika amin'ny tontalin'ny sara sy haba mikasika ireo entana napetraka amin'ny sata fampidirana entana tsy maharitra ampiatoana tanteraka na amin'ny ampahany ny sara sy haba (Andininy faha-193 bis) ;
- Fanoritana ny fanafahana ny sata fampidirana entana tsy maharitra (Andininy faha-193 ter) ;
- Fanoritana mahakasika ny famindrana ny sata fampidirana entana tsy maharitra (Andininy faha-193 quater).

2) Fanovana ny rijan-teny mahakasika ny satan'ny fametrahana'entana amin'ny Fadintseranana :

- Famindrana ny andininy 158 ao amin'ny sokajy II momba ny fametrahana'entana ho an'ny besinimaro ary fanamarihana ny kalitaon'ny mpisitraka ity sata ;
- Fampidirana ny rijan-teny manipika ny tsy fampidirana ireo entana anaty fitehirizana (Andininy faha-159 bis) ;
- Fanafoanana ny andininy faha-160 ho fampifanarahana ny famakiana ny rijan-teny ;
- Fanoritana ny kalitaon'ny mpisitraka ny satan'ny fametrahana'entana tsy miankina amin'ny fanjakana (Andininy faha-172.1°, 2°, 4°) ;
- Fanoritana ny fepetran'ny fanetsehana sy ny fitehirizana ireo entana (Andininy faha-177 sy 187) ;
- Fampidirana rijan-teny vaovao ahafahana mampihatra ny rijan-tenin'ny andininy faha-167.2° amin'ireo sokajin'ny fametrahana'entana hafa (Andininy faha-188 bis).

3) Fitondrana rijan-teny manamarika ny andraikitra amin'ny fanajana ny rijan-tenin'ny lalana sy ny didy amam-pitsipika manankery mifandraika amin'ireo sata ara-toekarena (Andininy faha-153).

4) Fanazavana ny fombafomba famoizana ireo entana nampidirina tamin'ny sata ara-toekarena :

- Fanoritana momba ny paika-pamoizana ireo entana napetraka tamin'ny sata fanatsarana entana nafarana (Andininy faha-199.5°) ;
- Fanoritana momba ny paika-pamoizana ireo entana napetraka tamin'ny sata fanodinana tsy andoavana haban-tseranana (Andininy faha-208.4°).

5) Faritana mazava ireo fepetra arahina mahakasika ny famatsiana ireo sambo sy ireo fiaramanidina :

- Fanazavana mahakasika an'ireo habetsaky ny vokatry hampiakarina mahazo tsy mandoa sara sy haba amin'ny fanafarana (Andininy faha-241.1°) ;
- Fanoritana ny fetra mahakasika ny faritra hanatanterahina ny famatsiana (Andininy faha-241 bis).

6) Faritana mazava ny paika arahina manoloana ny Fitsarana ary ovaina ny fepetra mahakasika ny fanasokajiana ny fandikan-dalàna amin'ny Fadintseranana sy sazy fototra indrindra fa mahakasika ny heloka tsotra kilasy fahatelo :

- Fanoritana ny fe-potoana hanomezana ny toa-tsoatry ny didim-pitsarana na ny fampiharana (Andininy faha-306.2°) ;
- Fanoritana ireo fitaovam-pitaterana mandritra ny fanatanterahina heloka fampidirana entana antsokosoko (Andininy faha-362.1°).

7) Hamafisina ireo fepetra mahakasika ny fiarovana ny vola miditra amin'ny Fadintseranana :

- Fanoritana ny adidy aman'andraikitra momba ny fanomezana rosia na rosia elektronika ho an'ireo mpandoa vola (Andininy faha-122.2°) ;
- Fanafoanana ny fampiasana ny toeram-pandrotsaham-bola ao amin'ny Mpandray volan'ny Fadintseranana (Andininy faha-336.2°) ;
- Fanoritana ny fombafomba hikajiana ny sanda eo amin'ny tsena anatin'ny mandritra ny fampiharana ny sazy ara-bola (Andininy faha-378.2°).

8) Hamafisina ny fepetra mahakasika ny fiasa fanaraha-maso tanterahin'ny Fandraharahana ny Fadintseranana :

- Fampiasana ny teknolojia ny fampahalalana ho an'ny fitantanana ny risika mandritra ny fanaraha-mason'ny Fadintseranana (Andininy faha-46.7°) ;
- Fampidirana fepetra manoritra ny zo manokana momba ny fampitan-draharaha amin'ny Fandraharahana ny Fadintseranana eo anivon'ny banky, ny fikambanana amin'ny sehatra ara-bola sy birao fifanakalozam-bola (Andininy 54.1°.k) ;
- Fanoritana momba ny fe-potoana hitazomana ireo antontan-taratasy (Andininy faha-54.3°) ;
- Fampidirana sokajy IX vaovao mahakasika ny fanaterana voaramaso (Andininy 56 bis)
- Fanoritana ny fepetra mahakasika ny fanatanterahana ny fanamarinana ireo entana (Andininy faha-107.1°) ;
- Fanoritana ny fepetra fampiharana ny mpahazo tombony amin'ny sata fanatsarana entana nafarana ahazoan'ny Fandraharahana ny Fadintseranana manatanteraka ny fanaraha-maso ;

9) Ovaina sy faritana ireo fepetra mahakasika ny fametrahana ny taratasin'entana :

- Famindrana sy fanafoanana ny paragirafy momba ny fametrahana ny taratasin'entana mandritra ny paika arahina amin'ny fanafarana (Andininy faha-58) ;
- Fanoritana ny fametrahana ny taratasin'entana any amin'ny biraon'ny Fadintseranana amin'ny alalan'ny informatika sy ireo tsy amin'ny alalan'ny informatika (Andininy faha-61.1°.a) ;
- Fanamafisana ireo fepetra mahakasika ny tsy fahafahana manova ny taratasin'entana, na dia napetraka mialoha aza izany, raha tsy hoe nahazo alalana tamin'ny tompon'andraikitra mahefa ao amin'ny biraon'ny Fadintseranana voakasika (Andininy faha-61.5°).

10) Faritana ireo fepetra fanomezana fankatoavana ny magazay sy toerana anafahana ny Fadintserana (Andininy faha-78).

11) Fanitsiana ny fahadisoana eo amin'ny andininy faha-13, faha-240.1°-h) sy faha-334.

III.1.2.3- MIKASIKA NY LAZAM-BIDY AMIN'NY FADINTSERANANA :

Ny fanovàna momba ny lazam-bidy amin'ny Fadintseranana dia miompana amin'ny :

1) Fampiakarana ny tahan'ny haban-tseranana ho 20% ho an'ny fonosana plastika efa fanjifa ao amin'ny zana-tsokajy n°63 05 33 10 à 20% fa tsy 10%:

Mba ho fanatanterahana ny fangatahan'ny vondron'ny mpandraharaha etsy andaniny, sy ho fampirindrana ny tahan'ny haban-tseranana hifanaraka amin'ny politika farany momba ny lazam-bidy lany teto Madagasikara, araka ny lalàna laharana 2005-029 tamin'ny 29 Desambra 2005 momba nyteti-bola ho an'ny taona 2006, izay namaritra ho à 20%, ny tahan'ny haban-tseranana ampiharina amin'ny entana jifaina avy hatrany, etsy ankilany.

2) Fanesorana ny zana-tsokajy nasionaly misy ny famaritana : « faits à la main ».

Zana-tsokajy nasionaly izay tsapa fa tsy ampiasain'ireo mpampiditra entana, ilaina araka izany ny fanesorana azy ireo mba ho fanamaivanana ny firafitry ny lazam-bidy.

3) Fanesorana ny zana-tsokajy nasionaly 3402.90 10 « Huiles sulfonées »

Ny menaka mandeha irery tsy tokony ho any amin'ny sokajy 34.02 misy ny savony sy ny akora fanadiovana.

4) Fanatsofohana naoty fanesorana ny : « fromage frais non affinés, y compris le fromage de lactosérum (non affinés), et caillebotte » ao amin'ny zana-tsokajy 2106.90 90.

Ilaina ny mamaritra mazava ny fepetra takiana raha hana-sokajy ny fromazy tahaka ny « vache qui rit » ao amin'ny zana-tsokajy 0406, ka hametrahana naoty fanalana noho izany, ao amin'ny zana-tsokajy nasionaly 2106.90 90.

5) Fanasarahana ny zana-tsokajy 2801.30 ary fanafoanana ny tataon-ketra amin'ny zana-tsokajy 2801.20 00 sy 2801.30 10

Araka ny fanapahan-kevitra ny sampandraharahan'ny hetra.

6) Fanafoanana ny tataon-ketra amin'ny zana-tsokajy nasionaly 1001.19 00

Araka ny fanapahan-kevitra ny sampandraharahan'ny hetra.

7) Fampidinana ny tahan'ny tataon-ketra ho 5% amin'ny zana-tsokajy nasionaly 2711.13 00 : « Butanes » sy 7311.00 00 : « Récipients pour gaz comprimés ou liquéfiés, en fonte, fer ou acier ».

Araka ny fanapahan-kevitra ny sampandraharahan'ny hetra.

8) Fahadisoana ara-materialy :

- Toko 01 : Fanesorana ny filaharana tsy mifandraika amin'ny navoakan'ny vondrona iraisam-pirenena momba ny fadintseranana.

- **Toko 04 sy 19 : Fanesorana ny zana-tsokajy nasionaly telo 0402.10 10, 0402.21 10, 0402.29 10 « Lait diététique pour l'alimentation des enfants, conditionné pour la vente au détail » ary famoronana zana-tsokajy nasionaly vaovao 1901.10 13 :**

Ny rononon-jaza dia tsy voafaritra ho isan'ny ronono nalefahana amin'ny ampahany na tanteraka araka ny zana-tsokajy 0402 fa kosa manana ny fikiliasiana azy manokana sady mazava tsara araka ny lohatenin'ity zana-tsokajy ity: « Préparations pour l'alimentation des nourrissons et des enfants en bas-âge, conditionnées pour la vente au détail » ao amin'ny zana-tsokajy 1901.10.

- Toko 15 : Fanesorana ny zana-tsokajy « Huile brute, conditionnée pour la vente en détail ».

Famoronana zana-tsokajy nasionaly : « Conditionnement dans des contenants de 20 kg ou moins » ao amin'ny zana-tsokajy 1513.11 : « Huile brute de coco ».

- Toko 23 : Fanesorana ny zana-tsokajy nasionaly 2304.00 10 sy 2305.00 10.

Ny faikana soza sy faikam-boanjo, tsy nampiana akora hafa dia mijanona ao amin'ny zana-tsokajy 2304.00 00 sy 2305.00 00, na inona na inona ampiasana azy ireo. Rehefa hafangaro amin'ny taharo hafa izy ireo vao kiliasiana any amin'ny zana-tsokajy hafa arakaraka ny tranga miseho.

- Toko 87: Fahadisoana ara-materialy momba ny filaharan'ny tarehi-marika.

III.1.2.4- FIANTRAIKAN'NY FANOVANA :

Ny fiantraikan'ireo fanovàna ny lazam-bidy eo amin'ny fidiran-ketra dia tomanana ho :

- **+1.12 miliara Ariary** mahakasika ny fampiakarana ny tahan'ny haban-tseranana ho 20% ho an'ny fonosana plastika efa fanjifa ao amin'ny zana-tsokajy n°63 05 33 10 fa tsy 10%;

- **-0.16 miliara Ariary** mahakasika ny Fanesorana ny zana-tsokajy nasionaly misy ny famaritana : « faits à la main » ;

- **-3.2 tapitrisa Ariary** mahakasika ny fanafoanana ny tataonketran'ny zana-tsokajy nasionaly 2801.20 00 sy 2801.30 00.

- **-11 miliara Ariary** mahakasika ny fanafoanana ny tataonketran'ny zana-tsokajy nasionaly 1001.19 00.

- **-6.84 miliara Ariary** mahakasika ny fampidinana ny tahan'ny tataon-ketra ho 5% amin'ny zana-tsokajy nasionaly 2711.13 00: « Butanes » sy 7311.00 00 : « Récipients pour gaz comprimés ou liquéfiés, en fonte, fer ou acier ».

Izany dia mitarika **fahaverezan-kaba sy hetra mitentina 16.88 miliara Ariary**.

III.2- FANDANIAMBOLAM-PANJAKANA

III.2.1. Fandaniana ho an'ny mpiasampanjakana

Ireo fananiana ho an'ny mpiasampanjakana vinavinaina ato anatin'ity LFI ity dia hahatratra 3 182.0 miliara Ariary, izany hoe fitomboana 8.8% miohatra amin'ny LFR 2020. Io fiovana io dia ho azo avy amin'ny fandraisana mpiasa izay vinavinaina atao eo anivon'ny sehatry ny fanabeazam-pirenena sy ny filaminam-bahoaka. Izy io dia ahitana, etsy andaniny, ireo karama izay mitentina 2 958.4 miliara Ariary, raha 2 698.5 miliara Ariary izany tao amin'ny LFR 2020, ary etsy ankilany, ireo tambikarama tomanana ho 223.6 miliara Ariary, raha 224.9 miliara Ariary ny tao amin'ny LFR 2020. Araka ny toromarika voaray nandritra ny filankevitry ny Governemanta dia tsy hisy intsony na iray aza fanefana karama alaina avy amin'ny PIP. Ambonin'izany, ireo fepetra fanadiovana ny fitantanana ireo mpiasampanjakana dia hamafisina mba ho famaliana ireo zavatra takian'ny fanatanterahana ny iraka nampandraiketina ny Governemanta.

III.2.2. Fandaniana ho an'ny fampandehanan-draharaha

Ho an'ny taona 2021, ireo fananiana ho an'ny fampandehanan-draharaha dia vinavinaina ho 1 780.6 miliara Ariary, raha 1 635.9 miliara Ariary izany tao amin'ny LFR 2020. Vokatry ny fandanjanjana tsy nasiana hena-maso teo anivon'ny Filankevitry ny Governemanta, ny tetibola naompana tamin'ny sokajy entana sy raharaha dia voafehy ho 436.2 miliara Ariary, raha 444.0 miliara Ariary izany tao amin'ny LFR 2020. Io tetibola io dia efa mirakitra ny sandan'ireo fananiana ho fampandehananana ireo sampanasa vaovao toy ny biraom-panjakana vao naorina, ireo sekoly, ireo toeram-panofanana sy ireo hopitaly. Ny ministera rehetra sy ireo andrimpanjakana ankoatra izay dia nomena toromarika mba tsy ho goragora amin'ny safidy sy ny fijerena ny tena ilana ny fananiana ataon'izy ireo.

Eo amin'ny zana-tsokajim-pandaniana famindrmbola sy fanampiana ara-bola, vola mitotaly 1 344.4 miliara Ariary no vinavinaina ho an'ny taona 2021, raha toa ny LFR 2020 ka naminavina 1 191.9 miliara Ariary. Ankoatra ireo fandaniambola manana endrika stratejika izay tokony iantsorohan'ny Fitondrampanjakana, indrindra ny famenoana ny kitapom-bola fisotroandronono CPR/CRCM, ireo fanampiana ara-bola omena ny orinasa JIRAMA ary ny fanefana ireo faktioran-tsolika nentina namokatra herinaratra teo amin'ireo toby mampiasa solika, dia ambim-bava betsaka tokoa no azo teo amin'io sokajy io vokatr'ireo fanavaozana natao teo amin'ny fomba itantanana ireo orindraharam-panjakana. Ambonin'izany, n'inona n'inona fetra napetraka ho an'ireo famindrmbola, ny zavatra vaovao rehetra heverina atao eo amin'io sokajy io, eny am-pandehananana, dia tokony hahazoana alalana mialoha avy amin'ny Praiministra sy ny Filohan'ny Repoblika.

III.2.3. Fampiasambolam-panjakana

Ny Fitondrampanjakana dia hanohy ny fametrahana ho laharampahamehana ireo PIP vatsian'ny vola avy ato anatin'ny mba hanamafisana ny fametrahana ireo fotodrafitrasam-pamokarana. Io ezaka io, araka izany, dia hahafahan'ny mponina misitraka ireo fotodrafitrasa, ireo fampitaovana ary ireo tolodraharam-panjakana manarapenitra. Ny fanatanterahana azy ireny eny amin'ireo Distrika somary lavitra andriana dia atao ho laharampahamehana manokana mba hiadiana amin'ny fitokana-monin'izy ireny. Ireo tetibola enti-

manorina fotodrafitrasa omena ireo Vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana araka izany dia hamafisina, indrindra amin'ny alalan'ny « Crédit d'Investissement destiné à l'Appui au Développement (CIAD) ». Raha atambatra, ho an'ny taona 2021, ny fampiasambolam-panjakana dia hitentina 5 495.5 miliara Ariary, raha 5 195.2 miliara Ariary izany tao amin'ny LFR 2020, ka anatin'izany ny tetibola 2 035.8 miliara Ariary avy amin'ny loharanombola anatin'ny sy ny 3 459.7 miliara Ariary avy amin'ny loharanombola ivelany. Ankoatry ny fanohizana ireo asa nekena atao nanomboka tao amin'ny LFR 2020 dia tetibola 421.0 miliara Ariary no omena ireo tetikasa vaovao sokajiana ho an'ny fisandratana. Araka izany, ny sehatra sosialy dia hapetraka ho laharampahamehana mba hahitana fiantraikany mivantana eo amin'ny fiainana andavanandron'ny mponina.

III.2.4. Fatiantoky ny tetibola

Ho an'ny taona 2021, ny fatiantoky ny tetibola dia vinavinaina ho 5.5%-n'ny HAF, raha 6.3% ny tao amin'ny LFR 2020. Miohatra amin'ny lasitra ara-faobe ho an'ny LFR 2020, io taha io dia maneho fihenana teboka 0.8 -n'ny HAF. Tsy fifandanjana mandalo ihany tokoa mantsy no tsy maintsy mbola apetraka eo amin'ny fitantanambolam-panjakana mba hiatrehana ireo vokadratsin'ny krizy ara-toekarena nateraky ny valanaretina Covid-19. Ny fitondrampanjakana dia mihevitra ny hamafa io fitomboan'ny trosam-panjakana io ao anatin'ny fotoana ivo ezaka, amin'ny alalan'ny tamberina avy amin'ireo fampiasambola notanterahan'ito farany. Momba ny famenoana azy, ny fatiantoky ny tetibola dia ho fenoin'ny fisintomana vola avy amin'ireo fandaharanasa avy any ivelany mitentina 2 231.7 miliara Ariary sy ireo findramambola anatin'ny mahatratra 998.9 miliara Ariary.

III.3- TROSA

TROSA IVELANY

Raha oharina amin'ny lalàna mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana nasiam-panitsiana 2020 dia nitombo 11,6% ny fandoavana ny trosam-panjakana ato amin'ny lalàna mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana 2021. Mitentina 528,5 miliara Ariary ny fitambaran'ny vola ho efaina voarakitra ato amin'ny lalàna mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana 2021 ka 355,4 miliara Ariary amin'izany no renivola ary 173,1 miliara Ariary kosa ny zanabola. Amin'ny ankapobeny, ireo trosa efaina ireo dia mahakasika ny fampindramam-bola avy amin'ny Banky iraisam-pirenena izay mitentina 199,8 miliara Ariary sy avy amin'ny "Deutsche Bank" izay mitentina 87,9 miliara Ariary.

TROSA ANATINY

Ny fandaniana amin'ny fandoavana ny zanabola amin'ny trosa anatiny ho an'ny taona 2021 dia tomanana ho 309,4 miliara Ariary. Voarakitra ao anatin'izany ny zanabola aloa amin'ny "Bons du trésor" izay mitotaly 237,3 miliara Ariary sy zanabola aloa amin'ny famadihana ho taratasim-bola ny trosan'ny Banky Foibe izay mitentina 10,9 miliara Ariary.

Ny tahan'ny zanabola fanefana ny taratasim-bolam-panjakana amin'ny ankapobeny dia tomanana ho 9,0%.

III.4- KAONTY MANOKAN'NY TAHIRIM-BOLAM-PANJAKÀNA

Ny fandraisana anjaran'ny fanjakana amin'ny fampindramam-bola sy ny fampindramam-bola azo avy amin'ny findramam-bola avy any ivelany ho an'ny orinasam-panjakana dia hitentina 365,5 miliara Ariary. Hisy sorabola 72,4 miliara Ariary atokana ho an'ny fampindramam-bola. Ny fampindramam-bola atao avy amin'ny vola azo avy any ivelany dia ahitana 273,1 miliara Ariary ho an'ny « Société du Port à Gestion Autonome de Toamasina » izay hamatsiana ny fanitarana ny seranan-tsambo ary 19,7 miliara Ariary ho an'ny JIRAMA hamatsiana ny tetik'asa « Andekaleka Hydropower ».

Ny fandaniana ataon'ny fanjakana amin'ny fandraisana anjara amin'ny lelavolan'ny orinasa dia hahatratra 273,8 miliara Ariary ka 199,6 miliara Ariary ho an'ny fandraisana anjara amin'ny vondrona iraisam-pirenena ary 74,2 miliara Ariary ho an'ny orinasam-panjakana eto an-toerana.

Hifandanja eo amin'ny 783,0 miliara Ariary ny vola miditra sy ny fandaniana amin'ny kaontin'ny fisotroan-dronono ato anatin'ity tetibola 2021 ity.

III.5- VOLA ATERAKY NY FANOMEZANA SY NY FANAMPIANA AVY ANY IVELANY

Hahatratra 0,4 miliara Ariary ny vina amin'ny vola ateraky ny fanomezana avy any ivelany tamin'ny fifanarahana efa misy. Ny fandaniana amin'ny fananterahana tetik'asa dia vinavinaina ho 6,4 miliara Ariary.

III.6- FAMADIHANA HO RENIVOLA NY TROSAM-PANJAKÀNA

Ny fanentsemana ny fatiantoka anatin'ny tetibolam-panjakana dia hotanterahina amin'ny fivarotana taratasim-bola eo amin'ny sehatry ny banky sy ankoatran'ny banky amin'ny ankapobeny. Hahatratra 2 853,9 miliara Ariary ny vola handrandraina hiditra raha toa ka 2 692,5 miliara Ariary ny hivoaka amin'ireo. Noho izany dia hitombo 161,4 miliara Ariary ny antontan-trosan'ny Fanjakana amin'ny taratasim-bola mandritra ny taona 2021.

Ankoatr'izay, ny Banky Foiben'i Madagasikara dia hamatsy vola miendrika trosa ny Tahirim-bolam-panjakana.

Raha ny momba ny avy any ivelany indray dia hahatratra 2 265,8 miliara Ariary ny fanampiana avy amin'ireo mpiara miombon'antoka amin'ny alalan'ny fampindramam-bola hamatsiana tetikasa. Ny fanampiana ara-tetibola ho an'ny taona 2021 dia ahitana amin'ny ankapobeny ny fanampiana avy amin'ny Banky Iraisam-pirenena entina hanohanana ny fampiroborobona ny maha-olona izay mitotaly 100,0 tapitrisa Dolara (ka ny 50,0 tapitrisa Dolara amin'izay dia miendrika fampindramam-bola), ny trosa fanohanana ny politikam-panjakana avy amin'ny AFD izay mitentina 15,0 tapitrisa Euros ary ny fandraisan'anjaran'ny BAD izay mitotaly 10,0 tapitrisa DTS mahakasika ny tetik'asa PACE IV. Hahazo fanampiana avy amin'ny Tahirimbola iraisam-pirenena ihany koa ny fanjakana malagasy.

Ankoatr'izay, ny Vondrona Eoropeana dia maminavina hanome famatsiana ny tetibola, miendrika fanampiana izay mitentina 10,0 tapitrisa Euros.

Mba hahafahana manitsy ny antontan-trosa ivelany sy anatin'ny Fanjakana vokatry ny fiovaovan'ny sandam-bola dia nasiana sora-bola mahatratra hatramin'ny 793,6 miliara Ariary ao anatin'ity lalàna mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana 2021 ity.

Toy izany no antonanton'izao Volavolan-dalàna izao.

NY MINISITRY NY TOEKARENA SY NY FITANTANAM-BOLA

**VOLAVOLAN-DALÀNA LAHARANA FAHA 016/2020
MOMBA NY LALÀNA MIFEHY NY
FITANTANAM-BOLAM-PANJAKÀNA
HO AMIN'NY TAONA 2021**



REOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

VOLAVOLAN-DALÀNA LAHARANA FAHA 016/2020 MOMBA NY LALÀNA MIFEHY NY FITANTANAM-BOLAM-PANJAKÀNA HO AMIN'NY TAONA 2021

I- FEPETRA MIKASIKA NY HETRA

ANDININY VOALOHANY

Raha tsy mifanohitra amin'ny fepetra voalazan'ity Lalàna mifehy ny Fitantanam-bolam-panjakàna ity dia hatao manaraka ny didy aman-dalàna manan-kery ny fandrotsahana ho an'ny Tetibolam-panjakàna sy ho an'ny Vondrom-bahoakam-paritra, ny hetra, ny sara aman-kaba amin'ny hetra sy fadintseranana ary koa ny vokatry ny fidiram-bolam-panjakàna amin'ny taona 2021.

ANDININY FAHA-2

FEHEZAN-DALÀNA ANKAPOBE MOMBA NY HETRA

Ny fepetry ny Fehezan-dalàna ankapobe momba ny hetra dia ampiana sy ovàna toy izao manaraka izao :

BOKY I
HETRAM-PANJAKANA
FIZARANA I
HETRA AMIN'NY VOLA MIDITRA SY NY MITOVY AMINY
LOHATENY I
HETRA ALAINA AMIN'NY VOLA MIDITRA
ZANADOHATENY I
HETRA AMIN'NY VOLA MIDITRA (IR)
TOKO IV
FOTOTRA AMERANA NY HETRA

Andininy 01.01.10

Ovàna toy izao ny rijantenin'ny 1° ao amin'ny paragirafy voalohany amin'ity andininy ity:

“ Ireo fandaniana rehetra, ireo saikin'asa nandoavam-bola tany an-kafa, ny karaman'ny mpiasa sy ireo fandaniana mahazatra samihafa ary koa ny fividianana entana sy saikin'asa mifandraika amin'ny raharaha voalazan'ny andininy 01.01.05 –II sy 01.02.02-II izay niharan'ny fakana ifotony sy ny fandrotsahana ny hetra alaina amin'ny vola miditra na hetra tambatra. Na izany aza, ny fandoavan'ny orinasa ny hetra amin'ny vola miditra amin'olon-tsotra izay tokony nefain'ny mpiasa iray na maro dia tsy azony esorina amin'ny tombombarrotra, ankoatrin'ny mbola hitakiana ny fakana ny hetra mikasika io tombotsoa manokana io amin'izay olona nomena izany. Ny karama mifanentana amin'ny asa natao ihany sady tsy mihoatra ny tokony ho izy raha jerena araka ny raharaha vita ary koa ireo tambin-karama omena ireo mpisotro ronono na inona na inona fiantsoana izany izay mihoatra ny karamany herintaona izay efa nandrotsahana IRSA no azo esorina amin'ny tombony hakana hetra.”

Ampiana tsipika roa izay mirija toy izao amin'ny faran'ny paragirafy faha 3 amin'ny 1° amin'ity andininy ity :

“- Ireo fandaniana manokana sy ny anjaram-pandaniana iraisana mifandraika amin'ny tsenam-baro-panjakana voalazan'ny andininy 06.02.01 sy ny manaraka ho an'ireo orinasa manao tsenam-baro-panjakana sy asa hafa.

- Ireo fandaniana manokana sy ny anjaram-pandaniana iraisana mifandraika amin'ny asa ka tsy iharan'ny hetra amin'ny vola miditra, ho an'ireo orinasa manana vola miditra iharan'ny hetra sy tsy iharana.

Ovàna toy izao ny rijatenin'ny 11° amin'ity andininy ity:

“ 11° Ny fatiantoka tao aorian'ny fikajiana mikasika ny hetra nandritra ny taom-piasana teo aloha ka tsy voaaisotra tamin'ny vokatra tamin'izany fotoana izany. Izany dia azo esorina ao anatin'ny dimy taona manaraka. Io fanesorana io dia atao alohan'ny fanesorana ny fanavotam-bidy nahemotra.

Foanana ireo fepetra ao amin'ny 19° amin'ity andininy ity:

**TOKO VII
FIKAJIANA NY HETRA**

Andininy 01.01.14

Ovàna toy izao ny rijantenin'ny paragirafy farany amin'ny I-A amin'ity andininy ity:

“ Ho an'ireo mpanao fitanterana olona sy entana an-tanety, ny vola faka farafahakeliny dia faritan'ny didy amam-pitsipika voalazan'ny paragirafy faha 2 amin'ny andininy 01.02.05.”

**TOKO VIII
FANDOAVANA NY HETRA
AMPAHAM-BOLA FANDROTSAKA MIALOHA**

Andininy 01.01.15

Ampidirana paragirafy faha 3 izay mirija toy izao aorian'ny paragirafy faha 2 amin'ity andininy ity:

“Ho an'ireo tompon'ny tsenam-baro-panjakana izay tsy voan'ny haba voalazan'ny andininy 06.02.02, dia akana 5 isan'arivo ny sora-bolan'ny tsena, amin'ny fotoana hanoratana ny fifanarahana.”

**TOKO X
ANDRAIKITRY NY MPANDOA HETRA**

Andininy 01.01.19-

Ovàna ho toy izao manaraka izao ny rijantenin'ny paragirafy faha 2 amin'ity andininy ity:

“ Ny filazana toe-bola voalaza tetsy ambony dia hanaovana filazana ihany koa ao amin'ny sehatra antambazotra natao hametrahana izany. Ny fomba fampiharana ireo fepetra ireo dia faritan'ny didy amam-pitsipika.”

**LOHATENY II
HETRA TAMBATRA
TOKO II
SEHATRA AMPIHARANA
SOKAJY I
OLONA VOAN'NY HETRA**

Andininy 01.02.02 .-I

Ovàna ho “ ireo mpanoratra, ireo mpanakanto sy ny mitovy aminy ” ny vondron-teny “ ireo mpanakanto sy ny mitovy aminy ” amin'ity andininy ity.

**TOKO III
FOTOTRA AMERANA NY HETRA
SOKAJY II
FIKAJIANA NY HETRA**

Andininy 01.02.05 .-

Ovàna toy izao ny rijantenin'ity andininy ity:

“ Ny tahan’ny hetra dia ferana ho 5 isan-jaton’ny fototra hamerana ny hetra. Ny hetra dia tsy tokony ho latsaky ny fara-fandoa kely indrindra izay faritan’ny didy amam-pitsipika ho an’ireo karazan’asa ankoatry ny fitanterana. Ireo fara-fandoa kely indrindra ireo dia faritana araka ny tolo-kevitri’ireo foibem-pitantanana ara-ketra isam-paritra.

Ny hetra dia manan-kery mandritra ny herintaona.”

**TOKO IV
FAMORIAN-KETRA**

Andininy 01.02.06

Ampidirana paragirafy faha 5 sy faha 6 izay mirija toy izao aorian’ny paragirafy faha 4 amin’ity andininy ity:

“ Ferana toy izao ny ampaham-bola fandrotsaka mialoha amin’ny fanombohana ny asa :

1° Ar 16 000 ho an’ny:

- Ny mpamboly***
- Ny mpiompy - ny mpanjono***
- Ny mpitrandraka harena an-kibon’ny tany madinika***
- Ny mpanao fitanterana manana fitaovam-pitanterana tsy misy maotera (sarety, posiposy, lakana etsetra...)***

2° Ar 50 000 ho an’ny:

- Ny mpanao asa-tanana***
- Ny mpanao hani-masaka***
- Ny mpamokatra madinika***
- Ny mpivarotra madinika***

3° Ar 100 000 ho an’ny:

- Ny mpitrandraka harena an-kibon’ny tany salantsalany***
- Ny mpanoratra, mpanakanto sy ny toa azy***
- Ny mpivarotra***
- Ny mpitantana trano fandraisam-bahiny***
- Ny mpisahan-draharaha***
- Ny mpitantana trano fisakafoanana***

4° Ar 150 000 ho an’ny:

- Ny mpandraharaha mahaleo tena sy hafa***

- Ny mpanao asa maromaro

- Hafa

Ho an'ireo mpitatitra, ireo fepetry ny andininy 01.02.05 dia mbola manan-kery.

“Ho an'ireo tompon'ny tsenam-baro-panjakana izay tsy voan'ny haba voalazan'ny andininy 06.02.02, dia akana 5 isan'arivo ny sora-bolan'ny tsena, amin'ny fotoana hanoratana ny fifanarahana.”

TOKO V ANDRAIKITRY NY MPANDOA HETRA

Andininy 01.02.08 bis.-

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijantenin'ny paragirafy faha 2 amin'ity andininy ity:

“ Na izany aza, azony atao ny misafidy ny fameran-ketra tena izy, izay hanaovana fangatahana any amin'ny sampan-draharaha mpitantana ny antotan-taratasin-ketra. Izany safidy izany dia manan-kery amin'ireo zo sy andraikity ny mpandoa hetra amin'ny fiandohan'ny taom-piasana manaraka.”

LOHATENY III HETRA ALAINA AMIN'NY KARAMA SY NY TOA AZY (IRSA)

TOKO II SEHATRA FAMPIHARANA

SOKAJY I VOLA MIDITRA IHARAN'NY HETRA

Andininy 01.03.02.-

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijantenin'ny tsipika faha 3 amin'ity andininy ity:

“ – Ireo tambin-karama, na inona na inona iantsoana azy, izay manana endrika fanampiny na famenon'ny karama raisina noho ny fisahanana andraikitra sy ireo tambin-karama rehetra omena ireo mpisotro rorono mihoatra ny karama herintaona;”

TOKO V FEPETRA FAMERAN-KETRA FAKA IFOTONY

Andininy 01.03.12

Foànana ny vondron-teny “ **faha 2 sy**” ao amin'ny paragirafy faha 5 amin'ity andininy ity.

TOKO VI FIKAJIANA NY HETRA

Andininy 01.03.16

Ovàna toy izao ny rijantenin'ny “**A. Lalàna mifehy ny ankapobeny**” amin'ity andininy ity:

“ Ho famaritana ny Hetra alaina amin’ny karama sy ny toa azy, ny fototra dia kajiana arak’ireo fepetry ny andininy 01.03.07 ka hatramin’ny 01.03.09 ary boriboriana ho eo amin’ny zato ariary ambany indrindra.

Ny hetra dia kajiana amin’ny fampiharana ireo ampahan’ny vola miditra iharan’ny hetra araka ny taha mifanaraka amin’ny rafi-marika etsy ambany ; ny totalin’ny hetra aloa dia tokony hitovy amin’ny fitambaran’ny hetra voakajy isaky ny ampahany izay tsy tokony ho latsaky ny Ar 2 000.

“A. Lalàna mifehy ny ankapobeny

- hatramin’ny Ar 350.000: 0 isan-jato*
- ampahany Ar 350 001 hatramin’ny Ar 400 000: 5 isan-jato*
- ampahany Ar 400 001 hatramin’ny Ar 500 000 : 10 isan-jato*
- ampahany Ar 500 001 hatramin’ny Ar 600 000 : 15 isan-jato*
- Ampahany mihoatra amin’ny Ar 600 000 : 20 isan-jato”*

**FIZARANA II
SARA-PANORATANA SY FAMINDRAN-TOMPO
TOKO III
FAMINDRAN-TANANA TSY MISY SETRINY
SOKAJY IV
TAHAN’NY HABA**

Andininy 02.03.25.-

- Foànana ny paragirafy faha 3 ao amin’ny I- amin’ity andininy ity.

- Ovàna ho toy izao manaraka izao ny rijantenin’ny paragirafy faha 4 ao amin’ny I- amin’ity andininy ity:

“ Ny fandraisana ireo sara amin’ny filazàna fandovàna, ireo fizarana avy amin’ny fandovàna natao alohan’ny faha 31 desambra 2021 dia miato. Na izany aza, ireo fombafomba mikasika ny fandovàna sy ny fizarana dia tsy miova.”

- Ovàna toy izao manaraka izao ny rijantenin’ny II- amin’ity andininy ity:

“ II- Ny famindran-tanana tsy misy setriny amin’ny samy velona dia iharan’ny sara 5 isan-jato. Na izany aza, ny sarany raikitra dia Ar 40 000 ihany isaky ny mpandray amin’ ny famindran-tanana eo amin’ny ray aman-dreny ho an’ny zanany.”

TOKO IV

IREO ANDRAIKITRY NY MPISOLO VAVA, MPIRAKITENY, VADINTANY, MPIRAKI-DRAHARAHAM- PITSARANA, MPITANTSORATRA, MPITSARA, MPANELANELANA, ADIMINISITIRATERA SY MANAMBONINAHITRA Hafa na MPIASAM-PANJAKANA NA IREO MPANDOA HETRA SAMIHafa SY IREO MPANDRAY VOLA.

TARATASIM-PANEKENA SY DIDIM-PITSARANA MILAZA FAMINDRAM-PANANANA NA FANOLORANA FANANANA MIFAKA

Andininy 02.04.13.-

- Ovàna ny teny **“famandrihana”** ao amin’ny paragirafy voalohany ho **“famaritana ifanarahana”** amin’ity andininy ity.

FIZARANA III
HETRA TSY MIVANTANA
LOHATENY VOALOHANY
HETRA TSY MIVANTANA ALAINA AMIN’NY FANDANIANA (D.A)

TOKO III
FOMBA FAMERANA NY HETRA

Andininy 03.01.04.-

Ovàna toy izao ny rijantenin’ny paragirafy voalohany amin’ity andininy ity:

“ Ny fomba famerana ny hetra tsy mivantana alaina amin’ny fandanina dia manokana sy/na arantsanda.”

TOKO IV
FEPETRA MIFEHY NY FIOTAZANA SY NY FANAMBOARANA NY VOKATRA IHARAN’NY
HETRA TSY MIVANTANA ALAINA AMIN’NY FANDANIANA
SOKAJY I
NY FANOMEZAN-DALANA AMIN’NY FIOTAZANA NA FANAMBOARANA, FIVIDIANANA ETO
AN-TOERANA SY FANAFARANA

Andininy 03.01.06

Ovàna toy izao ny rijantenin’ny tsipika faha 2 n’ny paragirafy faha 3 amin’ity andininy ity:

“ Ny alikaola ambony taha amin’ny filazam-bidin’ny fadintseranana 2207.10.00, ny mpanamboatra “solution sy gel hydroalcoolique” ary koa ireo vondrona manokana mivarotra izany na mampiasa ho an’ny orinasany, ny fatra nafarana dia ferana ho 20 000 litatra isan-taona.”

TOVANA
TABILAON’NY HETRA TSY MIVANTANA AMIN’NY FANDANIANA

- Ampidirana ireto andalana manaraka ireto amin’ny fanombohan’ity tovana ity :

TARIF NUMERO			DESIGNATION DES PRODUITS	TAUX ET TARIF	
				LOCAL	IMPORTE
0409	00	00	Miel naturel	Exo	5%
0902			Thé, même aromatisé.		

10		- Thé vert (non fermenté) présenté en emballages immédiats d'un contenu n'excédant pas 3 kg		
10	10	--- Faits à la main (1)	Exo	50%
10	90	--- Autres	Exo	50%
20		- Thé vert (non fermenté) présenté autrement		
20	10	--- Faits à la main (1)	Exo	50%
20	90	--- Autres	Exo	50%
30		- Thé noir (fermenté) et thé partiellement fermenté présentés en emballages immédiats d'un contenu n'excédant pas 3 kg		
30	10	--- Faits à la main (1)	Exo	50%
30	90	--- Autres	Exo	50%
40		- Thé noir (fermenté) et thé partiellement fermenté présentés autrement		
30	10	--- Faits à la main (1)	Exo	50%
30	90	--- Autres	Exo	50%
1702		Autres sucres, y compris le lactose, le maltose, le glucose et le fructose (lévulose) chimiquement purs, à l'état solide, sirops de sucres sans additions d'aromatisants ou de colorants, succédanés au miel, même mélangés de miel naturel, sucres et mélasses caramélisés :		
		-Lactose et sirop de lactose :		
	11 00	- - Contenant en poids 99% ou plus de lactose, exprimé en lactose anhydre calculé sur matière sèche	Exo	5%
	19 00	- - Autres	Exo	5%
	20 00	-Sucre et sirop d'érable	Exo	5%
	30 00	- Glucose et sirop de glucose, ne contenant pas de fructose ou contenant en poids à l'état sec moins de 20% de fructose	Exo	5%
	40 00	- Glucose et sirop de glucose, contenant en poids à l'état sec de 20% inclus à 50% exclus de fructose, à l'exception du sucre inverti (ou interverti)	Exo	5%
	50 00	- Fructose uniquement pur	Exo	5%
	60 00	-Autre fructose et sirop de fructose, contenant en poids à l'état sec plus de 50% de fructose, à l'exception du sucre inverti (ou interverti)	Exo	5%
	90 00	-Autres, y compris le sucre inverti (ou interverti) et les autres sucres contenant en poids à l'état sec 50% de fructose	Exo	5%
17 04		Sucreries sans cacao (y compris le chocolat blanc)		
	10 00	- Gommages à mâcher (chewing-gum), même enrobées de sucre	Exo	10%
	90	- Autres		
	10	--- Faits à la main	Exo	10%
	90	--- Autres	Exo	10%
18 06		Chocolat et autres préparations alimentaires contenant du cacao		
	10	- Poudre de cacao, avec addition de sucre ou d'autres édulcorants		
	10	--- Conditionnés dans des contenants de 25 kg et plus	Exo	10%
	90	--- Autres	Exo	10%
	20 00	-Autres préparations présentées soit en blocs ou en barres d'un poids excédant 2 kg, soit à l'état liquide ou pâteux ou en poudres, granulés ou formes similaires, en récipients ou en emballages immédiats, d'un contenu excédant 2 kg	Exo	10%
		-Autres, présentés en tablettes, barres ou bâtons :		
	31 00	- - Fourrés	Exo	10%
	32 00	- - Non fourrés	Exo	10%
	90 00	- Autres	Exo	10%
20 07		Confitures, gelées, marmelades, purées et pâtes de fruits, obtenues par cuisson, avec ou sans addition de sucre ou d'autres édulcorants :		
	10	-Préparations homogénéisées :		
	10	--- Faits à la main	Exo	10%

		90	- - - Autres	Exo	10%
			- Autres		
		91	- - Agrumes	Exo	10%
		10	- - - Faits à la main	Exo	10%
		90	- - - Autres	Exo	10%
		99	- - Autres		
			- - - Faits à la main	Exo	10%
			- - - Autres	Exo	10%
20 08			Fruits et autres parties comestibles de plantes, autrement préparés ou conservés, avec ou sans addition de sucre ou d'autres édulcorants ou d'alcool, non dénommés ni compris ailleurs		
			-Fruits à coques, arachides et autres graines même mélangés entre eux :		
	11	00	- - Arachides	Exo	10%
	19	00	- - Autres y compris les mélanges		
	20		-Ananas :		
		10	- - Avec addition d'alcool	Exo	10%
		90	- - Sans addition d'alcool	Exo	10%
	30		-Agrumes :		
		10	- - Avec addition d'alcool	Exo	10%
		90	- - Sans addition d'alcool	Exo	10%
	40		- Poires :		
		10	- - Avec addition d'alcool	Exo	10%
		90	- - Sans addition d'alcool	Exo	10%
	50		- Abricots :		
		10	- - Avec addition d'alcool	Exo	10%
		90	- - Sans addition d'alcool	Exo	10%
	60		- Cerises :		
		10	- - Avec addition d'alcool	Exo	10%
		90	- - Sans addition d'alcool	Exo	10%
	70		- Pêches, y compris les brugnon et nectarines :		
		10	- - Avec addition d'alcool	Exo	10%
		90	- - Sans addition d'alcool	Exo	10%
	80		- Fraises :		
		10	- - Avec addition d'alcool	Exo	10%
		90	- - Sans addition d'alcool	Exo	10%
			- Autres y compris les mélanges à l'exception de ceux du n°2008.19		
	91		- - Cœurs de palmiers :		
		10	- - Avec addition d'alcool	Exo	10%
		90	- - Sans addition d'alcool	Exo	10%
	93		- - Airelles rouges (Vaccinium macrocarpon, Vaccinium oxycoccus, Vaccinium vitis-idaea) :		
		10	- - Avec addition d'alcool	Exo	10%
		90	- - Sans addition d'alcool	Exo	10%
	97		- - Mélanges :		
		10	- - Avec addition d'alcool	Exo	10%
		90	- - Sans addition d'alcool	Exo	10%
	99		- - Autres :		

	10	-- Avec addition d'alcool	Exo	10%
	90	-- Sans addition d'alcool	Exo	10%

- Ovàna toy izao manaraka izao ireo andalana mifanaraka amin'ireo marika SH 22.01 amin'ity tovana ity :

22 01		Eaux, y compris les eaux minérales naturelles ou artificielles et les eaux gazéifiées, non additionnées de sucre ou d'autres édulcorants ni aromatisées ; glace et neige.		
	10	- Eaux minérales et eaux gazéifiées :		
	10	--- Eaux naturelles non distillées	Exo	10% Sans être inférieur à Ar 200/L
	20	--- Eaux minérales naturelles, eaux minérales artificielles, non aromatisées ni sucrées	Exo	10% Sans être inférieur à Ar 200/L
	30	--- Eaux gazéifiées non aromatisées ni sucrées	2,5% Sans être inférieur à Ar 50/L	10% Sans être inférieur à Ar 200/L
	90 00	- Autres	2,5% Sans être inférieur à Ar 50/L	10% Sans être inférieur à Ar 200/L

- Ovàna toy izao manaraka izao ireo andalana mifanaraka amin'ireo marika SH 22.02 amin'ity tovana ity :

22.02		Eaux y compris les eaux minérales et les eaux gazéifiées, additionnées de sucre ou d'autres édulcorants ou aromatisées, et autres boissons non alcooliques, à l'exclusion des jus de fruits ou de légumes du n° 20.09.		
	10	- Eaux, y compris les eaux minérales et les eaux gazéifiées, additionnées de sucre ou d'autres édulcorants ou aromatisées		
	10	- - - Eaux minérales, additionnées de sucre ou d'autres édulcorants ou aromatisées	2,5% Sans être inférieur à Ar 50/L	10% Sans être inférieur à Ar 200/L
	20	--- Autres eaux, additionnées de sucre ou d'autres édulcorants ou aromatisées	2,5% Sans être inférieur à Ar 50/L	10% Sans être inférieur à Ar 200/L
		- Autres :		
	91 00	-- Bière sans alcool	2,5% Sans être inférieur à Ar 50/L	10% Sans être inférieur à Ar 200/L
	99 00	-- Autres	2,5%	10%

			Sans être inférieur à Ar 50/L	Sans être inférieur à Ar 200/L
--	--	--	-------------------------------	--------------------------------

- Ampidirana ireto andalana manaraka ireto amin'ity tovana ity :

TARIF NUMERO		DESIGNATION DES PRODUITS	TAUX ET TARIF	
			LOCAL	IMPORTE
2501	00	Sel (y compris le sel préparé pour la table et le sel dénaturé) et chlorure de sodium pur, même en solution aqueuse ou additionnés d'agents antiagglomérants ou d'agents assurant une bonne fluidité; eau de mer.		
		--- Sel :		
	00	11 ---- Brut	Exo	50%
	00	12 ---- Brut dénaturé	Exo	50%
	00	19 ---- Autres	Exo	50%
	00	20 --- Chlorure de sodium pur, même en solution aqueuse ou additionné d'agents anti-agglomérants ou d'agents assurant une bonne fluidité ; eau de mer (y compris les eaux-mères de salines)	Exo	50%

- Ovàna toy izao ny andalana farany amin'ity tovana ity:

	Communication nationale et internationale par téléphonie et réseaux mobiles incluant Internet, trafic voix, trafic sms ou mms et transfert de données	8%	8%
--	---	----	----

**FIZARANA VI
HABA AMIN'NY TATAOM-BIDY (TVA)
LOHATENY VOALOHANY
HABA AMIN'NY TATAOM-BIDY (TVA)
TOKO II
SEHATRA FAMPIHARANA
SOKAJY III
VOKATRA SY RAHARAHY TSY VOAN'NY HABA**

Andininy 06.01.06

-Foanana ny andalana faran'ny 8° amin'ity andininy ity.

-Ovàna toy izao ny rijantenin'ny 21° amin'ity andininy ity:

“21° Ny fivarotana katsaka; ny fivarotana lafarinina sy menaka fihinana vokarin'ny orinasa eto an-toerana;

Ny fanafarana sy ny fivarotana varim-bazaha, vary, akotry, “fluor”, ioda, ny ronono sy fanampin-tsakafon-jazakely sy ny ankizy ;”

-Ovàna toy izao ny rijantenin'ny 23° amin'ity andininy ity:

“ 23° Ny fanafarana sy ny fivarotana fitaovana, fampitaovana sy kojakoja medikaly ; ”

TOKO VI TAHAN'NY HABA

Andininy 06.01.12

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijantenin'ity andininy ity:

“ Ny taha mahazatra amin'ny haba amin'ny tataom-bidy dia ferana ho 20 isan-jato.

Ireo fivarotana paty fihinana vokarina eto an-toerana, ny fanafarana sy ny fivarotana entona fandrehitra sy ny fasiana azy izay voafaritry ny filazam-bidin'ny fadintseranana 2711.13 00 sy 7311.00 00 dia iharan'ny tahan'ny haba nahena ho 5 isan-jato.

Ireo fanondranana entana sy saikin'asa dia iharan'ny haba amin'ny taha 0 isan-jato.”

TOKO IX FOMBA FANESORANA

Andininy 06.01.17

Ampiana paragirafy farany izay mirija toy izao manaraka izao amin'ny faran'ny B- VOKATRA AVY AMIN'NY SOLITANY amin'ity andininy ity:

“ Ny matihanina eo amin'ny sehatry ny fandraisam-bahiny sy fisakafoana nahazo fanapahana mialoha na fazahoan-dalana hisokatra ofisialy nomen'ny Minisitara misahana ny fizahan-tany dia omena alalana hanaisotra ny TVA izay tafiditra tao amin'ny fividianana ny vokatry avy amin'ny solitany araka ny filazàm-bidin'ny fadintseranana 27 10 19 31, 27 10 19 32, 27 10 12 12 ilaina amin'ny famatsiana sy fampandehanana ireo vondrona mpihary herinaratra, raha toa ka ny toeram-piasany dia any amin'ireo toerana tsy misy herinaratra. Ny fombafomba fampiharana dia faritan'ny didy amam-pitsipika.”

TOKO XI ANDRAIKITRY NY MPANDOA HABA

Andininy 06.01.26

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-teny ao amin'ny paragirafy faha 5 amin'ity andininy ity:

“ Ho fampiharana ireo fepetra voalaza etsy ambony, ny mpandoa haba amin'ny tataom-bidy dia tsy maintsy manisny lisitra tovan'ireo mpamatsiny sy ireo mpanjifany, ireo vola navoakany voafaritry ny andininy 06.01.11, izay mifanaraka amin'ny vanim-potoana hanaovana ny filazàna sy hametrahana araka ny modely amin'ny endriny elektronika napetraky ny Fandraharahana momba ny hetra izay hita ao amin'ny NIFONLINE. Ny tsy fanatanterahana izany dia mitarika ny tsy fandraisana ireo filazany sy miteraka sazy araka ny voalazan'ny andininy 20.01.52 amin'ity Fehezan-dalàna ity. Ireo tovana ireo

dia alefa any amin'ny Fandraharahana momba ny hetra amin'ny alalan'ny sehatra an-tambazotra hanaovana ireo filazàna tovan'ny TVA ao anatin'ny fepotoana feran'ny didy amam-pitsipika."

TOVANA TABILAON'NY VOKATRA TSY IHARAN'NY TVA

Andininy 06.01.06 : 8°

Foanana ireto tsipika manaraka ireto amin'ny tovana mifanaraka amin'ity andininy ity :

84.19	Appareils, dispositifs ou équipements de laboratoire, même chauffés électriquement (à l'exclusion des fours et autres appareils du n°85.14), pour le traitement de matières par des opérations impliquant un changement de température telles que le chauffage, la cuisson, la torréfaction, la distillation, la rectification, la stérilisation, la pasteurisation, l'étuvage, le séchage, l'évaporation, la vaporisation, la condensation ou le refroidissement autres que les appareils domestiques; chauffe-eau non électriques, à chauffage instantané ou à accumulation.
8419.20.00	- Stérilisateur médico-chirurgicaux ou de laboratoires
90.18	Instruments et appareils pour la médecine, la chirurgie, l'art dentaire ou l'art vétérinaire, y compris les appareils de scintigraphie et autres appareils électromédicaux ainsi que les appareils pour tests visuels.
90.19	Appareils de mécanothérapie ; appareils de massage; appareils de psychotechnie ; appareils d'ozonothérapie, d'oxygénothérapie, d'aérosolthérapie, appareils respiratoires de réanimation et autres appareils de thérapie respiratoire.
9020.00.00	Autres appareils respiratoires et masques à gaz, à l'exclusion des masques de protection dépourvus de mécanismes et d'élément filtrant amovible
90.21	Articles et appareils d'orthopédie, y compris les ceintures et bandages médico-chirurgicaux et les béquilles; attelles, gouttières et autres articles et appareils pour fractures; articles et appareils de prothèse ; appareils pour faciliter l'audition aux sourds et autres appareils à tenir à la main, porter sur la personne ou à implanter dans l'organisme, afin de compenser une déficience ou une infirmité.
9021.50.00	- Stimulateurs cardiaques, à l'exclusion des parties et accessoires
9021.90.10	- Dispositif contraceptif intra-utérin (DIU)
90.22	Appareils à rayons X et appareils utilisant les radiations alpha, bêta ou gamma, même à usage médical, chirurgical, dentaire ou vétérinaire, y compris les appareils de radiophotographie ou de radiothérapie, les tubes à rayons X et autres dispositifs générateurs de rayons X, les générateurs de tension, les pupitres de commande, les écrans, les tables, fauteuils et supports similaires d'examen ou de traitement.
94.02	Mobilier pour la médecine, la chirurgie, l'art dentaire ou l'art vétérinaire (tables d'opération, tables d'examen, lits à mécanisme pour usage clinique fauteuils de dentistes, par exemple) ; fauteuils pour salons de coiffure et fauteuils similaires avec dispositif à la fois d'orientation et d'élévation ; parties de ces articles.
9402.90.10	- - - Mobilier pour la médecine, la chirurgie, l'art dentaire ou l'art vétérinaire (tables d'opérations, tables d'examen, lits à mécanismes pour usage clinique, par exemple)

Andininy 06.01.06 : 21°

Amin'ny tovana mifanaraka amin'ity andininy ity:

- Foanana ireto tsipika manaraka ireto :

04.02	Lait et crème de lait, concentrés ou additionnés de sucre ou d'autres édulcorants
04.02.10	- En poudre, en granulés ou sous d'autres formes solides, d'une teneur en poids de matières grasses n'excédant pas 1,5 % :
0402.10 10	- - - Lait diététique pour l'alimentation des enfants conditionné pour la vente au détail
0402.21	- - Sans addition de sucre ou d'autres édulcorants

0402.21 10	- - - Lait diététique pour l'alimentation des enfants, conditionné pour la vente au détail
0402.29	- - Autres :
0402.29 10	- - - Lait diététique pour l'alimentation des enfants, conditionné pour la vente au détail

- Ampidirina ireto tsipika manaraka ireto :

1001	Froment (blé) et méteil
	- Froment (blé) dur
1001.19 00	- - Autres
1005	Maïs
1005.90 00	- - Autres
1101.00 00	Farine de froments (blé) ou de méteil
15.07	Huile de soja et ses fractions, même raffinées, mais non chimiquement modifiées
1507.90 00	- Autres
15.08	Huile d'arachide et ses fractions, même raffinées, mais non chimiquement modifiées.
1508.90 00	- Autres
15.09	Huile d'olive et ses fractions, même raffinées, mais non chimiquement modifiées.
1509.10	- Vierges
1509.10 10	- - - Même conditionnée pour la vente au détail
1509.10 90	- - - Autres (1)
1509.90 00	- Autres
1510.00 00	Autres huiles et leurs fractions, obtenues exclusivement à partir d'olives, même raffinées, mais non chimiquement modifiées et mélanges de ces huiles ou fractions avec des huiles ou fractions du n° 15.09
15.11	Huile de palme et ses fractions, même raffinées mais non chimiquement modifiées.
1511.90 00	- Autres
15.12	Huiles de tournesol, de carthame ou de coton et leurs fractions, même raffinées, mais non chimiquement modifiées.
	- Huiles de tournesol ou de carthame et leurs fractions :
1512.19 00	- - Autres
	- Huiles de coton et ses fractions :
1512.29 00	- - Autres
1901.10	- Préparations pour l'alimentation des nourrissons et des enfants en bas âge, conditionnées pour la vente au détail
2801.20 00	- Iode
2801.30 10	- Fluor

Andininy 06.01.06 : 23°

Ovàna toy izao manaraka izao ny tovana mifanaraka amin'ity andininy ity:

TARIF NUMERO	DESIGNATION DES PRODUITS
30.05	Ouates, gazes, bandes et articles analogues (pansements, sparadraps, sinapismes, par exemple), imprégnés ou recouverts de substances pharmaceutiques ou conditionnés pour la vente au détail des fins médicales, chirurgicales, dentaires ou vétérinaires.
3005.10 00	Pansements adhésifs et autres articles ayant une couche adhésive
3005.90 00	Autres

3006.10 00	Catguts stériles, ligatures stériles similaires pour sutures chirurgicales (y compris les fils résorbables stériles pour la chirurgie ou l'art dentaire) et adhésifs stériles pour tissus organiques utilisés en chirurgie pour refermer les plaies ; laminaires stériles ; hémostatiques résorbables stériles pour la chirurgie ou l'art dentaire ; barrière anti-adhérence stériles pour la chirurgie ou l'art dentaire, résorbable ou non
3006.20 00	Réactifs destinés à la détermination des groupes ou des facteurs sanguins
3006.30 00	Préparations opacifiantes pour examens radiographiques; réactifs de diagnostic conçus pour être employés sur le patient
3006.40 00	Ciments et autres produits d'obturation dentaire ; ciments pour la réfection osseuse
3006.70 00	Préparations présentées sous forme de gel conçues pour être utilisées en médecine humaine ou vétérinaire comme lubrifiant pour certaines parties du corps lors des opérations chirurgicales ou des examens médicaux ou comme agent de couplage entre le corps et les instruments médicaux
3808.94	Désinfectants
3822.00 00	Réactifs de diagnostic ou de laboratoire sur tout support et réactifs de diagnostic ou de laboratoire préparés, même présentés sur un support, autres que ceux des n°s 30.02 ou 30.06 ; matériaux de référence certifiés
4015.11 00	Gants de chirurgie en caoutchouc
6307.90 30	- - - Masque pour la chirurgie
84.19	Appareils, dispositifs ou équipements de laboratoire, même chauffés électriquement (à l'exclusion des fours et autres appareils du n°85.14), pour le traitement de matières par des opérations impliquant un changement de température telles que le chauffage, la cuisson, la torréfaction, la distillation, la rectification, la stérilisation, la pasteurisation, l'étuvage, le séchage, l'évaporation, la vaporisation, la condensation ou le refroidissement autres que les appareils domestiques; chauffe-eau non électriques, à chauffage instantané ou à accumulation.
8419.20.00	- Stérilisateur médico-chirurgical ou de laboratoires
90.18	Instruments et appareils pour la médecine, la chirurgie, l'art dentaire ou l'art vétérinaire, y compris les appareils de scintigraphie et autres appareils électromédicaux ainsi que les appareils pour tests visuels. - Appareils d'électrodiagnostic (y compris les appareils d'exploration fonctionnelle ou de surveillance de paramètres physiologiques) :
9018.11 00	- - Electrocardiographes
9018.12 00	- - Appareils de diagnostic par balayage ultrasonique (scanners)
9018.13 00	- - Appareils de diagnostic par visualisation à résonance magnétique
9018.14 00	- - Appareils de scintigraphie
9018.19 00	- - Autres appareils d'électrodiagnostic
9018.20 00	- Appareils à rayons ultraviolets ou infrarouges - Seringues, aiguilles, cathéters, canules et instruments similaires :
9018.31 00	- - Seringues, avec ou sans aiguilles
9018.32 00	- - Aiguilles tubulaires en métal et aiguilles à sutures
9018.39 00	- - cathéters, canules et instruments similaires - Autres instruments et appareils, pour l'art dentaire :
9018.41 00	- - Tours dentaires, même combinés sur une base commune avec d'autres équipements dentaires
9018.49 00	- - Autres instruments et appareils, pour l'art dentaire
9018.50 00	- Autres instruments et appareils d'ophtalmologie
9018.90 00	- Autres instruments et appareils pour médecine, chirurgie, art dentaire, art vétérinaire
9018.90 10	- - - Instruments et appareils pour hémodialyse
9018.90 90	- - - Autres instruments et appareils
90.19	Appareils de mécanothérapie ; appareils de massage; appareils de psychotechnie ; appareils d'ozonothérapie, d'oxygénothérapie, d'aérosolthérapie, appareils respiratoires de réanimation et autres appareils de thérapie respiratoire.
9019. 10 00	- Appareils de mécanothérapie ; appareils de massage ; appareils de psychotechnie

9019.20 00	- Appareils d'ozonothérapie, d'oxygénothérapie, d'aérosolthérapie, appareils respiratoires de réanimation et autres appareils de thérapie respiratoire
9020.00.00	Autres appareils respiratoires et masques à gaz, à l'exclusion des masques de protection dépourvus de mécanismes et d'élément filtrant amovible
90.21	Articles et appareils d'orthopédie, y compris les ceintures et bandages médico-chirurgicaux et les béquilles; attelles, gouttières et autres articles et appareils pour fractures; articles et appareils de prothèse ; appareils pour faciliter l'audition aux sourds et autres appareils à tenir à la main, porter sur la personne ou à implanter dans l'organisme, afin de compenser une déficience ou une infirmité.
9021.10 00	- Appareils d'orthopédie ou pour fractures
	- Articles et appareils de prothèse dentaire
9021.21 00	- - Dents artificielles
9021.29 00	- - Autres
	- Autres articles et appareils de prothèse
9021.31 00	- - Prothèses articulaires
9021.39 00	- - Autres
9021.40 00	- Appareils pour faciliter l'audition aux sourds, à l'exclusion des parties et Accessoires
9021.50.00	- Stimulateurs cardiaques, à l'exclusion des parties et accessoires
9021.90	- Autres
9021.90.10	- - Dispositif contraceptif intra-utérin (DIU)
9021.90 90	- - Autres
90.22	Appareils à rayons X et appareils utilisant les radiations alpha, bêta ou gamma, même à usage médical, chirurgical, dentaire ou vétérinaire, y compris les appareils de radiophotographie ou de radiothérapie, les tubes à rayons X et autres dispositifs générateurs de rayons X, les générateurs de tension, les pupitres de commande, les écrans, les tables, fauteuils et supports similaires d'examen ou de traitement.
9022.12 00	- - Appareils de tomographie pilotés par un ordinateur
9022.13 00	- - Appareils à rayons x; pour l'art dentaire
9022.14 00	- - Appareils à rayons x; usages médicaux, chirurgicaux, vétérinaires
9022.19 00	- - Autres appareils à rayons x; pour tous usages
9022.21 00	- - Appareils à radiations alpha, beta ou gamma; a usage médical, dentaire ou vétérinaire
9022.29 00	- - Appareils utilisant les radiations alpha, beta ou gamma; pour autres usages
9022.30 00	- Tubes à rayons X
9022.90 00	- Autres appareils à rayons x, alpha, beta ou gamma, y compris parties et accessoires
94.02	Mobilier pour la médecine, la chirurgie, l'art dentaire ou l'art vétérinaire (tables d'opération, tables d'examen, lits à mécanisme pour usage clinique fauteuils de dentistes, par exemple) ; fauteuils pour salons de coiffure et fauteuils similaires avec dispositif à la fois d'orientation et d'élévation ; parties de ces articles.
9402.90.10	- - - Mobilier pour la médecine, la chirurgie, l'art dentaire ou l'art vétérinaire (tables d'opérations, tables d'examen, lits à mécanismes pour usage clinique, par exemple)

**LOHATENY II
HABA AMIN'NY TSENAM-BARO-PANJAKANA
TOKO II
SEHATRA FAMPIHARANA
SOKAJY I
RAHARAHA VOAN'NY HABA**

Andininy 06.02.02

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijantenin'ity andininy ity:

“Iharan’ny haba amin’ny tsenam-baro-panjakana afats’ireo voafaritry ny didy amam-pitsipika manokana:

- ***ny tsenam-baro-panjakana rehetra sy ny toa azy, araka ny voafaritry ny Fehezan-dalàna mifehy ny tsenam-baro-panjakana ;***
- ***ny fampiasam-bolam-panjakana na inona na inona fiaviany (loharonom-bola manokana anatin’ny, fisamboram-bola, fanampiana, fanomezana ara-bola, sns...), amin’ny fividianana entana sy saikin’asa ary koa ireo asa vaventy ho an’ny fanjakana na tsia ;***
- ***ny tsena rehetra nahazo famatsiam-bola na fifanarahana iraisam-pirenena, ankoatr’ireo hampiharana ireo fombafomba manokana, avy amin’ny fepetra voalazan’ireo fifanarahana iraisam-pirenena ireo.”***

SOKAJY II OLONA IHARAN’NY HABA

Andininy 06.02.03

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijantenin’ity andininy ity:

“Ny olona rehetra na antokon-draharaha, tompony na nahazo ny tsenam-baro-panjakana, monina na tsia na ohatrinona na ohatrinona vola matiny dia iharan’ny haba.

Iharan’ny haba ihany koa ireo mpiandraikitra fanaovana asa dingana voalohany nomen’ny tompon’ny tsena, monina na tsia.”

TOKO VI FOMBA FAMERANA NY HABA

Andininy 06.02.07

- Ampiana paragirafy faha 3 izay mirija toy izao amin’ny faran’ity andininy ity:

“ Ho an’ireo tsehan’asa vaventy nomena mpiandraikitra fanaovana asa dingana voalohany, ny haba dia alaina mialoha sy arotsaky ny tompon’ny asa eny amin’ny mpandray volan’ny Ivon-ketra mpitantana ny antontan-taratasiny, farafahatarany ny faha 15 n’ny volana manaraka ny fitazonana. Raha toa ka tsy monina eto an-toerana ny tompon’ny tsena, ny haba dia hanaovana filazàna sy aloan’ny solon-tena nankatoavina izay monina eto Madagasikara.”

TOKO VII ANDRAIKITRY NY MPANDOA HETRA

Andininy 06.02.10

- Ampidirana paragirafy faha 2 izay mirija toy izao aorian’ny paragirafy voalohany amin’ity andininy ity:

“ Ireo mpisahana asa amin’ny tsenam-baro-panjakana iharan’ny haba dia tsy maintsy manao fanambaràna eny amin’ny Ivon-ketra mpitantana ny antontan-taratasiny, ny haba notazonin’ny tompon’ny tsena, farafahatarany ny faha 15 n’ny volana manaraka ny nandraisana ny vola, ireo

avansy na ireo vola naloa mialoha miaraka amin'ny taratasy fanamarinana sy ny dika mitovin'ireo fifanarahana voalohany sy ny fampisahanana asa."

BOKY II
HETRAM-BONDROM-BAHOAKA
LOHATENY I
HETRA ALAINA AMIN'NY TANY (IFT)
TOKO II
SEHATRA FAMPIHARANA
SOKAJY II
FANANANA TSY VOAN'NY HABA

Andininy 10.01.05

Ov`ana toy izao ny rijantenin'ity andininy ity:

" Mba ahazoana ireo fanafoanan-ketra voafaritry ny andininy 10.01.04 voalaza etsy ambony, ny tompony na izay tena mampiasa azy dia tsy maintsy mametraka fangatahana sy filaz`ana milaza ny toetra sy ny refin'ny tany eny amin'ny biraon'ny Kaominina misy ny fananana mifaka, ny karazan'ny voly ary ny daty nanombohana ireo asa fanajariana na ny fandrantsanana alohan'ny faha 15 Oktobra isan-taona.

Ny taratasy manamarina ny fanafoanan-ketra dia omen'ny Ben'ny tan`ana izay afaka mamindra ny soniany amin'izany."

TOKO V
ANDRAIKITRY NY MPANDOA HETRA

Andininy 10.01.08

Ov`ana toy izao ny andalana voalohan'ny paragirafy voalohany amin'ity andininy ity:

" Ireo tompony na izay tena mampiasa ny tany hak`ana ny hetra dia tsy maintsy mametraka filaz`ana an-tsoratra na an-tambazotra eny amin'ny biraon'ny Kaominina misy ny fananana mifaka alohan'ny faha 15 Oktobra isan-taona."

LOHATENY I
HETRAM-TRANO (IFPB)
TOKO II
SEHATRA FAMPIHARANA
SOKAJY II
FANANANA TSY VOAN'NY HETRA

Andininy 10.02.05.

Ovàna toy izao ny rijantenin'ity andininy ity:

“Mba ahazoana ny fanafoanan-ketra voafaritry ny andininy 10.02.04 voalaza etsy ambony, ny tompony dia tsy maintsy mametraka fangatahana miaraka amin'ireo antontan-taratasy ilaina momba ny trano na ny ampahany eny amin'ny biraon'ny Kaominina misy ny trano.

Ny fanafoanan-ketra dia omena amin'ny taona manaraka ny fanomezana ny fahazoan-dalana hipetraka ary mifarana amin'ny taona faha 5 ny nahavitan'ny trano.

Na izany aza, raha toa ny fanorenana ka vita ao anatin'ny telo volana farany amin'ny taona, ny fanafoanan-ketra dia azo omena amin'ny taona manaraka raha toa ka azo alohan'ny 1 aprily amin'io taona io ny fahazoan-dalana hipetraka.

Ny taratasy manamarina ny fanafoanan-ketra dia omen'ny Ben'ny tanàna izay afaka mamindra ny soniany amin'izany.”

**TOKO VII
ANDRAIKITRY NY MPANDOA HETRA**

Andininy 10.02.11

Ovàna toy izao ny andalana voalohan'ny paragirafy voalohany amin'ity andininy ity:

“Ireo tompon'ny trano voan'ny hetra dia tsy maintsy mametraka filazàna an-tsoratra na antambazotra eny amin'ny biraon'ny Kaominina misy ny trano alohan'ny faha 15 Oktobra isan-taona.”

**LOHATENY VI
HETRA AVY AMIN'NY FAHAZOAN-DALANA
ZANA-DOHATENY I
HETRA AVY AMIN'NY FAHAZOAN-DALANA MIKASIKA NY ALIKAOLA
SY NY VOKATRA MISY ALIKAOLA
TOKO IV
FAMERANA NY FIVAROTANA ALIKAOLA
SY NY VOKATRA MISY ALIKAOLA
SOKAJY II
FIVAROTANA ZAVA-PISOTRO MISY ALIKAOLA
III – Fepetra amin'ny fahazoan-dalana hivarotra**

B- Fahafaha-manaon'ny mpangataka manolona ny lalàna

Andininy 10.06.29.

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijatenin'ny paragirafy faha 2 amin'ity andininy ity:

“Ireo fahafahana manokana handingana fepetra dia afaka omen'ny Ben'ny tanàna ireo vahiny hanao ny asa fivarotana zava-pisotro misy alikaola.”

F- Faritra voaaro

Andininy 10.06.37.

Foanana ny tsipika faha 2 ao amin'ny paragirafy voalohany amin'ity andininy ity:

IV – Fomba arahina amin'ny fandinihana ny fangatahana fahazoan-dalana hivarotra

Andininy 10.06.40.

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijatenin'ny paragirafy voalohany amin'ity andininy ity:

“Ny antontan-taratasy fangatahana alalana hivarotra rehetra voafarit'ireo andininy 10.06.27 sy 10.06.28 dia tsy maintsy hapetraka eny amin'ny Talem-paritra ara-ketra aorian'ny tolo-kevitra ny Lehiben'ny Fokontany, sy ny Lehiben'ny Ivon-ketra mahefa eo an-toerana.”

LOHATENY VII

HABA ISAN-TAONA ALOA AMIN'NY MILINA FILOKANA MANDEHA HO AZY

Andininy 10.07.01.

Ampidirana paragirafy faha 2 izay mirija toy izao aorian'ny paragirafy voalohany amin'ity andininy ity:

“Ny famoriana ny haba dia iantohan'ny Mpandray volan'ny hetran'ny vondrona mpiantsehatra mpitantana ny antontan-taratasin'ny mpandoa hetra.”

BOKY III

FEPETRA IRAISAN'NY HETRA, SARA SY HABA VOARAKITRA AO AMIN'NY BOKY I SY II AMIN'ITY FEHEZAN-DALANA ITY

LOHATENY I

FAMORIANA HETRA

TOKO I

FAMORIANA ATAON'NY SAMPAN-DRAHARAHAN'NY TAHIRIM-BOLAM-PANJAKANA

SOKAJY I

FITAKIANA NY HETRA

Andininy 20.01.01.

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijantenin'ny paragirafy voalohany amin'ity andininy ity:

“ Ny hetra mivantana sy haba toa azy ao amin'ny Boky II amin'ity fehezan-dalana ity dia takiana manomboka ny 01 Martsa amin'ny taona amerana ny hetra raha tsy mifanohitra amin'ireo fepetra manokana mifehy ny hetram-bondrom-paritra tsirairay. Ny vola aloa dia ampahafatarin'ny sampan-draharahan'ny fameran-ketra ao amin'ny Kaominina ny mpandoa hetra amin'ny alalan'ny taratasy fameran-ketra voamarin'ny Lehiben'ny Ivon-ketram-paritra mahefa miaraka amin'ny taratasy fitakiam-bola ataon'ny mpanome baikom-pamoriam-bola mpanampy eny amin'ny Kaominina misitraka izany. Ny filazana fameran-ketra izay tsy nahazo fanamarinan'ny Ivon-ketra dia foana ary

tsy manan-kery. Ny Lehiben'ny Ivon-ketra dia afaka mamindra ny soniany amin'ireo mpiasan'ny hetra manana ny laharana mpanara-maso fara-fahakeliny.”

Andininy 20.01.02.

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijantenin'ity andininy ity:

“ Araka ny fanapahan'ny Ben'ny tanànan'ny Kaominina voakasika izany, ireo hetran-tany takiana amin'ny taona iray dia afaka hanaovana fitakiana ampaham-bola mialoha voakajy tamin'ireo hetra teo aloha.”

Andininy 20.01.03.

Ovàna ho “***ny Ben'ny tanàna***” ny vondron-teny “***ireo Lehiben'ny Faritra***”

**SOKAJY VI
FOMBA ARAHINA AMIN'NY FANENJEHANA**

Andininy 20.01.28.

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijantenin'ity andininy ity:

“ Ireo mpiasa mpandray vola na miandraikitra ny famorian-ketra voafaritra ao amin'ny Boky II amin'ity Fehezan-dalàna ity izay tsy nanao fanenjehana ny mpandoa hetra tsy nanefa izany tao anatin'ny telo taona mifanesy, nanomboka tamin'ny andro nampahafantarana ny filazana fameran-ketra na taratasy fameran-ketra dia tsy afaka manao fanenjehana intsony ary esorina amin'izy ireo ny zò hanenjika ny mpandoa hetra.”

**TOKO II
FAMORIAN-KETRA ATAON'NY SAMPAN-DRAHARAHAN'NY HETRA
SOKAJY I
FOTO-KEVITRA**

Andininy 20.01.40

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-teny ao amin'ny paragirafy faha 7 amin'ity andininy ity:

“ Ny hetra, sara sy haba dia azo aloa amin'ny alalan'ny lelavola manan-kery eto Madagasikara, azo ato taratasim-bola ihany koa na amin'ny alalan'ny banky na paositra, na ara-elektronika, anatin'izany ny fandoavana amin'ny alalan'ny finday sy ara-tambazotra ao amin'ny sehatra natokana ho amin'izany, na amin'ny fandrotsahana na fandoavana amin'ny iray amin'ireo kaonty manokana misokatra amin'ny anaran'ny mpitana kaontim-panjakana na manaraka ireo fomba filazana sy fandoavam-bola eken'ny Minisitery miandraikitra ny didy amam-pitsipika mifehy ny hetra. Ireo fombafomba fampiharana ny fandoavana ara-tambazotra na amin'ny alalan'ny finday dia faritan'ny didy amam-pitsipika.”

- Foanana ny mari-pamatarana “ (SIGTAS) “ ao amin’ny paragirafy faha 11 amin’ity andininy ity:

LOHATENY II
FIFANOLANANA ARA-KETRA
FEPETRA ANKAPOBENY
TOKO I
SEHATRY NY SAMPAM-PITSARANA MIKASIKA NY FIFANOLANANA SY SAMPAM-
PITSARANA MIKASIKA NY FAMINDRAM-PO
SOKAJY I
NY SAMPAM-PITSARANA MIKASIKA NY FAMINDRAM-PO

Andininy 20.02.06-

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijantenin’ity andininy ity:

“ Mba hampanankery ny fangatahana dia tsy maintsy :

- *lazaina ny karazan-ketra, ny taom-piasana sy ny totalin’ireo hetra voalaza ;*
- *hanaovana fanazavana tsotsotra ireo antony ;*
- *ampiarahina amin’ireo sora-pamerana mahakasika izany sy / na taratasy fameran-ketra ho an’ireo hetram-bondrom-bahoaka sy ny porofo milaza ireo fahasahiranana ara-bola mahazo ny mpangataka ;*
- *voasonian’ny tompony izay tsy maintsy mametraka ny anarany ary koa ny andraikiny.*

Ireo fangatahana ireo dia ataon’ny Sampan-draharaha mitantana ny antontan-taratasy na ny Lehiben’ny Sampan-draharaha miandraikitra ny fanaovana ny filazana fameran-ketra na/sy ireo taratasy fitakiam-bolan-ketra, sara sy haba samihafa misoratra ao amin’ny Boky II amin’ity Fehezandalàna ity.”

SOKAJY II
NY SAMPAM-PITSARANA MIKASIKA NY FIFANOLANANA
I – FITARAINANA MIALOHA MANOLOANA NY FANJAKANA

Andininy 20.02.14-

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijantenin’ny paragirafy faha 2 amin’ity andininy ity:

“Ho an’ireo hetram-bondrom-bahoaka ny fe-potoana hanaovana ny fitarainana dia 3 volana taorian’ny naharaisana ny filazana fameran-ketra na taratasy fameran-ketra.”

Andininy 20.02.17-

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijantenin’ity andininy ity:

“ Ireo fitarainana sy ireo famotsorana ankitsirano dia ataon’ny mpisafa hetra mitazona ny antontan-taratasin’ny mpangataka na ny Lehiben’ny Sampan-draharahan’ny fameran-ketra ao amin’ny

Kaominina misy ny fanorenana ho an'ireo hetra, sara sy haba samihafa ao amin'ny Boky II amin'ity Fehezan-dalàna ity."

TOKO II
FOMBA ARAHINA AMIN'NY FAMAIZANA AMIN'NY HOSOKA ARA-KETRA

SOKAJY II
FIKAROHANA SY FAHITANA FANDIKAN-DALANA ARAKA NY FITANANA AN-TSORATRA
Fomba arahina amin'ny famotorana sy fitanana an-tsoratra

Andininy 20.02.46

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ny paragirafy voalohany amin'ity andininy ity:

"Ireo fandikan-dalàna miendrika fanaovana hosoka, ireo fandikàna ireo fepetra mifehy ny hetra na sara mikasika ny paraky sy alikaola ka ny mpiasan'ny sampan-draharahan'ny hetra dia mikaroka ireo fombafomba faritan'ity lohateny ity, indrindra indrindra amin'ny alalan'ny fomba fanaovana ny famotorana. Hanaovana fitanana an-tsoratra izany."

Andininy 20.02.52.-

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ny andalana voalohany amin'ity andininy ity:

" Ny fitanana an-tsoratra na inona na inona antony dia tokony ahitana ireto farafahakeliny :"

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ny 1° sy ny 2° amin'ity andininy ity:

"1° Ny toerana, ny daty, ny antony

2° Mahakasika ny antony, na ny famaritana ireo tranga hita; na ny vanim-potoanan'ny fitanana an-tsoratra; na ireo fanontaniana napetraka sy ireo valiny azo, na ireo anton'ny fanagiazana; na ireo karazana fandikan-dalàna hita."

LOHATENY III
FOMBA FAMERANA NY HETRA

Ovàna ny lohateny **"FOMBA FAMERANA NY HETRA"** ho **"FOMBA FAMERAN-KETRA TSY MISY FIERANA"**

FEPETRA IRAISANA

Andininy 20.03.01.-

Foronina ny paragirafy izay mirija toy izao amin'ny faran'ity andininy ity:

" Ny fototra amerana ny hetra na ny fanombanana tsy misy fierana dia atao araka ireo singa eo ampelatanan'ny Fanjakàna na raha tsy ampy izany, ny fototra amerana dia atao amin'ny alalan'ny fampitahana ny orinasa mitovitovy aminy."

I - FAMERAN-KETRA SY FANITSIANA TSY MISY FIERANA

Ovàna ny lohateny “FAMERAN-KETRA SY FANITSIANA TSY MISY FIERANA” ho “FAMERAN-KETRA TSY MISY FIERANA”

Foronina ny andininy 20.03.01 bis izay mirija toy izao :

“Andininy 20.03.01 bis.- Mandritry ny fanatanterahana fanamarinana sy ny fanitsiana ifanatrehana voafaritry

ny andininy 20.06.21 sy ny manaraka, na araka ny fombafomba fanenjehana ireo hosoka ara-ketra voalazan’ny andininy 20.02.45 amin’ity fehezan-dalàna ity dia iharan’ny fameran-ketra tsy misy fierana ireo olona voakasik’ireto antony tanisaina eto ambany ireto :”

A- TSY FISIANA NA FAHATARAN’NY FAMETRAHANA FILAZANA, TSY FANAJANA IREO ANDRAIKITRA MANOKANA, FANAOVANA HOSOKA

Andininy 20.03.02.-

Ovàna toy izao ny rijan-tenin’ity andininy ity:

“ Iharan’ny fameran-ketra tsy misy fierana amin’ny vola miditra sy ny toa azy, ny haba amin’ny vola maty, ireo saram-panoratana sy ireo hetra alaina amin’ny fandania ireo olona na orinasa izay :

- **tsy nametraka ara-potoana ny filazana ara-ketra na ireo antontan-taratasy ahafahana mikajy ny hetra izay tsy maintsy atao ;**
- **tsy nametraka ny filazana mikasika ny saram-panoratana na ireo haba mitovy aminy na tsy nanao ny fombafombam-panoratana tao anatin’ny fe-potoana ara-dalàna ;**
- **tsy nametraka tao anatin’ny fe-potoana ara-dalàna ny filazàna ireo vokatry iharan’ny hetra alaina amin’ny fandania sy ny toa azy.”**

Andininy 20.03.03.-

Ovàna toy izao ny rijan-tenin’ity andininy ity:

“ Iharan’ny fameran-ketra tsy misy fierana amin’ny hetra rehetra, ireo sara sy haba voafaritry ny boky I amin’ity fehezan-dalàna ity :

1- Ny olona na orinasa izay :

- **tsy mitazona fitanan-kaonty ara-dalàna raha toa ka tokony hitana izany izy na ny antontan-taratasy voafaritry ity Fehezan-dalàna ity, na rehefa ahitana tsy fanarahan-dalàna lehibe sy miverimberina ny fitanan-kaonty ka tsy ahitana ny fahamarinana na mampanan-kery azy, na ny tsy fanaovana ny fanoratana, na fanoratana zavatra tsy marina na noforonina ao amin’ny taratasy fitanan-kaonty ;**
- **ny fividianana na fivarotana tsy misy fakitiora, ny fampiasana na ny fanomezana fakitiora na ireo antontan-taratasy izay tsy mifanaraka tamin’ireo raharaha tena izy ;**

- *ny tsy fanajana ireo andraikitra voafaritra voalazan'ny Sokajy VIII amin'ny Lohateny VI n'ny Boky III amin'ity Fehezan-dalàna ity.*

2- Ireo tompon'antoka, ireo mpiara-miombon'antoka sy ireo mpiray tsikombakomba amin'ny fanaovana hosoka voalazan'ny andininy 20.02.45 sy ny manaraka ary izany, amin'ny fotoana hanaovana fanamarihana, amin'ny fotoana rehetra tsy lany paik'andro, na ireo filazana tokony atao izay mbola tsy lany fetrandro.

3- Raha tsy tanteraka ny fitsirihana ara-ketra izay tokony natao tamin'ny mpandoa hetra noho ny antony avy aminy na ny solon-tenany. Ity fepetra ity dia ampiharina avy hatrany raha misy fandavana amin'ny fanatanterahana ny fitsirihana na fanakatsakanana ny fahazoana ireo antontan-taratasy izay voafaritry ny andininy 20.06.23 amin'ity Fehezan-dalàna ity.”

II- FANOMBANANA TSY MISY FIERANA

Andininy 20.03.06.-

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijantenin'ity andininy ity:

“ Afaka hanaovana fanombanana tsy misy fierana :

- *raha toa ka tsy voapetraka ara-potoanany sy ara-dalàna ny filazàna izay nanaovana fampatsiahivana voafaritry ny andininy 20.03.08 tanisaina etsy ambany*
- *ny fototra ilaina amin'ny fameran-ketra, sara sy haba voafaritry ny boky I amin'ity Fehezan-dalàna ity ary koa ny fitakiana mifanaraka amin'izany.”*

III- FOMBA ARAHINA

Andininy 20.03.08.-

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijantenin'ity andininy ity:

“ Ho an'ny fameran-ketra tsy misy fierana, ny fitanana an-tsoratra mirakitra Ireo fadikan-dalàna voalazan'ny andininy 20.03.03 sy 20.03.04 etsy ambony, izay nanaovana ny fameran-ketra tsy misy fierana, dia tokony efa natao mialoha.

Amin'ny fanombanana tsy misy fierana, ny fanombohan'ny fanenjehana mifandraika amin'izany dia tokony ialohavan'ny fampahatsiahivana izay ataon'ny sampan-draharaha mpitantana ny antontan-taratasin'ny mpandoa hetra.

Amin'ireo fameran-ketra tsy misy fierana, ireo antony ary koa ireo fototra na ireo singa nampiasaina amin'ny fikajian-ketra dia ampahafantarina ny mpandoa hetra amin'ny alalan'ny taratasy fampahafantarana araka ny fomba voafaritry ity Fehezan-dalàna ity.

Ny fampahafantarana ny fanombanana tsy misy fierana dia mitovy lanja amin'ny filazàna ara-ketran'ny mpandoa hetra voakasik'zany ary azo hanaovana ny fomba arahina izay voafaritry ny andininy 20.06.21 sy ny manaraka amin'ity Fehezan-dalàna ity.

Ny fampahafantarana dia mampiato ny fahalaniana paik'andro.”

Andininy 20.03.09.

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijantenin'ity andininy ity:

“ Tsy tohinina ny fepetra manokana, ny mpandoa hetra iharan'ny fandoavan-ketra tsy misy fierana dia mbola afaka manao fitarainana ao anatin'ny 15 andro aorian'ny nandraisany ny taratasy fampahafantarana miaraka amin'ny sora-pamerana, arak'ireo fepetra voalazan'ny andininy 20.02.13 amin'ity Fehezan-dalàna ity ary misy ireo porofo manamarina fa mioampanpana ny hetra takiana aminy.”

**LOHATENY IV
IREO FETRA FAHALANIANA ANDRO
I- FEPETRA IRAISANA**

Andininy 20.04.01.-

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ny paragirafy faha 2 amin'ity andininy ity:

“ Ny zo hanao fanamarinan'ny fandraharahana ny hetra dia afaka itarina amin'ireo taona lany paik'andro raha toa ka ireo raharaha mifandraika amin'izany ka mbola mahakasika ireo fotoana aty aoriana tsy lany paik'andro. Ho famelana handingana ireo fepetra etsy ambany, izany zo izany dia afaka ampiarina manokana amin'ny taona 2021 ho an'ny taom-piasana 2017.”

**LOHATENY V
LAHARAM-PAMATARANA NY MPANDOA NY HETRA
TOKO I
FEPETRA ARAHINA SY FILAZANA**

Andininy 20.05.02.-

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijatenin'ny paragirafy faha 3 amin'ity andininy ity:

“ Ny karatra ara-ketra dia tsy maintsy ananan'ny olon-tsootra na fikambanana izay manana asa, fananana na fidiram-bola iharan'ny hetra eto Madagasikara na dia manana karatra isaky ny sokajin'asa sy isaky ny toeram-pamokarana na toeram-piasana aza izy ireo.”

Andininy 20.05.03.-

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijatenin'ny paragirafy faha 3 amin'ity andininy ity:

“ Ny orinasa rehetra vao niforona dia iharan'ny hetra tambatra ka ny ampahan-ketra fandrotsaka mialoha amin'izany dia faritan'ny fepetry ny andininy 01.02.06.”

**TOKO II
MANDRITRY NY TAOM-PIASANA
FOMBA FIASANA**

Andininy 20.05.06.-

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijatenin'ny paragirafy faha 3 amin'ity andininy ity:

“ Ny mpandoa hetra dia afaka mamoka ny karatra ara-ketra izay azony alaina ao amin'ny sehatra an-tambazotra. Io karatry ny mpandoa hetra io dia manana ny lanja ara-dalàna ary mitovy lenta amin'ny karatra miendrika taratasy, izay alaina eny amin'ny ivon-ketra mpitantana ny antontan-taratasy.”

**LOHATENY VI
FAHEFANA MITAKY – FAHEFANA MANOME DIKA MITOVY – FAHEFANA HANAO
FITSIRIHANA SY FANAMARINANA- TSIAMBARATELON'NY ASA**

**SOKAJY III
ANDRAIKITRY NY ISAM-BATAN'OLONA NA FIKAMBANANA MANDRO TSA-BOLA
IHARAN'NY HETRA**

Andininy 20.06.12.-

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijatenin'ny paragirafy voalohany amin'ity andininy ity:

“Ny vondron'olona, miankina amin'ny fankajana na tsia, na inona na inona fitsipika ara-ketrany ary koa ireo olon-tsotra mampihatra ny TVA na ohatrinona na ohatrinona vola matiny sy ireo manana vola maty mihoatra ny Ar 100 000 000; izay tokony hanefa sy mandrotsaka ireo tambim-panelanelanana, fividianana, tamberim-bidy, tabim-pisahanan-draharaha, karama azo avy amin'ny fanamboarana trano, fisahanana asa, tamin'ny lahasa, ny fitanterana, ireo karama mahazatra antselika amin'ny saikin'asa na fividianana ireo vokatra na entana natao amidy na tsia, na izay nividy fananana mifaka, dia tsy maintsy manao ny fanambarana ireo totalin'ny vola misy taratasim-barotra sy voatana kaonty nandritry ny taom-piasana teo aloha, na oviana na oviana ny daty fikatonan'ny taom-piasany, alohan'ny 1 may isan-taona.

**SOKAJY IV
ANDRAIKITRY NY MPANAO TAOZAVA- BAVENTY, MPIVAROTRA, MPANAO ASA TANANA,
MPANAO SAIKIN'ASA, ORINASA MPAMPINDRAM-BOLA SY/NA ARA-BOLA ARY IREO
MPIKARAKARA HETSIKA**

Andininy 20.06.18.-

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijatenin'ny paragirafy faha 4 amin'ity andininy ity:

“ Tsy maintsy hita mazava tsara amin'izany :

- *Ny anaran'ny mpandoa hetra, adiresy, ny laharam-pamantarana statistika, ny laharam-pamantarana ara-ketra an-tambazotry ny mpivarotra na ny mpanao saikin'asa, toy izany koa ho an'ny mpanjifa;*
- *ny fatra, ny vidin'ny tsirairay sy ny totalim-bidin'ireo entana lafo sy ireo saikin'asa vita dia atao marika sy an-tsoratra;*
- *ny daty handoavam-bola;*
- *ny fomba fandoavam-bola.”*

**LOHATENY VII
DIDY AMAM-PITSIPIKA**

Ovàna ny Lohateny faha VII “ ***DIDY AMAM-PITSIPIKA***” ho “ ***DIDY AMAM-PITSIPIKA SY TARATASY FIFANDRAISANA ARA-PANJAKANA***”

Foronina ny andininy 20.07.02 izay mirija toy izao :

“ Andininy 20.07.02.- Ny fampahafantarana elekitronika dia azo ekena ihany koa amin’ny taratasy fifandraisana ara-panjakana avy amin’ny fandraharahana ara-ketra.

Ireo fomba hiantohana ny fahamarinan’ny niaviany sy ny fiarovana ny zava-boalaza ao anatin’ny amin’ny alalan’ny fanamarinana na sonia elekitronika dia faritan’ny didy amam-pitsipika.”

Ny sisa tsy misy fanovàna.

ANDININY FAHA-3

FADINTSERANANA

A. NY AMIN'NY FEHEZAN-DALANA MOMBA NY FADINTSERANANA :

Ny rijan-tenin'ny fehezan-dalàna momba ny Fadintseranana dia nampiana sy novaina toy izao manaraka izao :

LOHATENY VOALOHANY

FENI-KEVITRA ANKAPOBE MOMBA NY SATA ARA - PADINTSERANANA.

TOKO IV BIS ZO SY ANDRAIKITRY NY OLONA EO ANATREHAN'NY LALANAN'NY FADINTSERANANA.

Sokajy III *Mpandraharaha ara-toekarena nankatoavina*

Ovaina toy izao manaraka izao ny fanoratana ny andininy faha-13 quinquies :

And. 13. quinquies - Ny Fitantanana-draharahan'ny Fadintseranana dia manome ny sata maha-mpandraharaha ara-toekarena nankatoavina ho an'ireo mpandraharaha ara-toekarena izay mahafeno ny fepetra nofaritan'ny Tale Jeneralin'ny Fadintseranana, izay mamaritra ihany koa ny tranga izay mety hahavoasintona io sata io. Io sata io dia manome tombontsoa izay mety ho samihafa araka ny ambaratonga misy.

LOHATENY FAHAROA

FANDAMINANA SY FAMPANDEHANANA NY FANDRAHARAHANA NY FADINTSERANANA

TOKO III FAHEFAN'NY MPIASAN'NY FADINTSERANANA Sokajy Voalohany *Zom-pitsirihana ny entana, ny fitaovam-pitaterana ary ny olona*

Ampiana an-dalana faha-7 sy faha-8 voasoratra toy izao amin'ny fiafaran'ny andininy faha-46 :

And. 46. 7° Ho fanatsarana ny fanaraha-mason'ny fadintseranana, ny ny Sampandraharaha dia mampiasa, araka ny fepetra izay mety, ny teknolojia ny fifandraisana momban'ny fitantanana ny risika.

8° Ny fombafomba fampiharana ny an-dalana faha-4 hatramin'ny faha-7 amin'ity andininy ity dia raikaitina amin'ny fanapahana ataon'ny Tale Jeneralin'ny Fadintseranana.

Sokajy VI

Zo-panambarana manokana amin'ny Sampandraharahan'ny Fadintseranana

Ampiana ny rijan'tenin'ny antokony voalohany amin'ny andininy faha-54, soratana toy izao:

And. 54. – 1° Ny mpiasan'ny Fadintseranana manana ahay tsy latsaky ny mpanao fisavana, na manam-pahefan'ny fadintseranana, na miandraikitra ny asan'ny mpandray vola ny lehiben-toerana eo amin'ny fadintseranana, dia mahazo mitaky ny fampitana ny taratasy sy antontan-taratasy amin'ny karazany rehetra mikasika ny raharaha nahaliana ny sampan-draharahany, **ao anatin'izany ny zava-pantatra atao amin'ny alalana informatika :**

a) Any amin'ny fiantsonan'ny fiaran-dalamby (taratasy momba ny fiara, faktiora, taratasim-pampiakaran'entana, boky, rejisitra, sns...);

.....

k) Ary, amin'ny ankapobeny, any amin'ireo vatantenan'olona na fikambanana rehetra mety manana vaovao mahaliana ny Fandraharahana ny Fadintseranana ao anatin'ny sehatry ny fanatontosana ny asany, **indrindra indrindra ny amin'ny banky, ny fikambanana ara-bola, ny birao fanankalozam-bola.**

Ovaina toy izao manaraka izao ny fanoratana ny antokony fahatelo amin'ny andininy faha-54:

And. 54. 3° Ny taratasy firaketana isan-karazany voatanisa etsy ambony dia tsy maintsy tehirizin'ny olona voakasik'izany mandritra ny fe-potoana dimy taona ans. **Io fe-potoana io dia manankery manomboka amin'ny faran'ny taona izay nanaovana ny fandraketana ny fanambarana ny entana, amin'ny fanondranana ho an'ny mpandefa sy amin'ny fanafarana ho an'ny mpanafatra.**

Na izany aza anefa, ho an'ny sata ara-toekarena sy ny sata omena tombon-dahiny, ary koa ireo Faritra sy Orinasa Afa-kaba, io fe-potoana io dia itarina hatramin'ny faniliana tanteraka ny sata teo am-panafarana ireo entana izay voakasika. Ny fomba fampiharana ny faniliana mahakasika izany dia faritana amin'ny didy amam-pitsipika.

Sokajy IX

Fanaterana voaramaso

Ampidirana sokaky IX vaovao amin'ny andininy faha-56 bis vaovao, soratana toy izao:

And. 56 Bis. – 1° Afahana manamarina ireo heloka tsotra atao amin'ny Fadintseranana mahakasika ireo entana voarara, ny mpiasan'ny Fadintseranana nomen-dalana voalaza ao anaty fepetra voafaritry ny didim-pitondrana ataon'ny Minisitra miandraikitra ny Fadintseranana dia manao eraky ny tanim-pirenena, rehefa avy nampilaza ny Tonia Mpampanoa mahefa sy afa-tsy misy fitsipahan'ity farany, ny fanaraha-maso an'ireo olona izay ahitana antony mitombina iray na maro izay ahiana ho mpanao heloka tsotra atao amin'ny Fadintseranana na ireo izay nandray anjara ho voakasiky ny hosoka.

2° Ireo fepetra ireo dia azo ampiharina amin'ny fanaraha-maso amin'ny fandefasana na fitondrana zavatra, entana na akora azo tamin'ny alalan'ny fanatanterahana ny fandikan-dalàna na nanaronana ny fanatanterahana izany.

3° Didim-pitondrana ataon'ny Minisitra miandraikitra ny Fadintseranana no hamaritra ny fombafomba fampiharana ity andininy ity.

LOHATENY III
FITONDRANA SY FAMETRAHANA IREO ENTANA
AO AMIN'NY FADINTSERANANA
TOKO VOALOHANY
FANAFARANA ENTANA AVY ANY IVELANY
Sokajy voalohany
Fitaterana an-dranomasina

Foanana ny antokony b) amin'ny andininy faha-58 ary afindra any amin'ny andininy faha-61 ny antokony c) :

And. 58. – a) Ny kapitenin'ny sambo iray tonga ao anatin'ny faritra an-dranomasina iasan'ny fadintseranana dia tsy maintsy, amin'ny fitakiana voalohany, manolotra ny kopian'ny taratasy manambara ny entana entin'ny sambo amin'ny mpiasan'ny fadintseranana izay tonga eny ambony sambo.

b) foana.

Ovaina toy izao manaraka izao ny fanoratana ny andininy faha-61:

And. 61. – 1° Ny mpanofa ny sambo, misolo tena ny kapiteny eny an-tanety, dia tsy maintsy **mampita** ao amin'ny biraon'ny fadintseranana, manomboka amin'ny folo andro alohan'ny ahatongavan'ny sambo hatramin'ny vaninandro ahatongavan'ny sambo

a) ho fanambarana tsotsotra :

- Ny taratasy manambara ny entana entin'ny sambo miaraka raha ilaina izany, amin'ny dikan-teniny marina, misy raha kely indrindra ny zavatra tokony ho fantatra mikasika ny mombamomba ny entana, ny famantarana ny fasiana azy, ny isan'ny entana, ny fanondroana ara-barotra ny entana, ny famantarana ny mpampiakatra ny entana, ny tompon'andraikitra ny fandraisana (Banky, ny tena nandefasana). **Ny taratasy manambara ny entana entin'ny sambo dia hapitaina amin'ny fomba elektronika ao amin'ny birao misy fitaovana momba ny informatika, ary hapetraka amin'ny akalana an-tsoratra ao amin'ny birao tsy misy fitaovana momba ny informatika.**
- Ny taratasy **manokana** manambara ny vatsy eny ambony sambo sy ny kojakojan'entana an'ny mpikambana ao amin'ny fanamoriana ;

b) Ny taratasy misy ny fifanarahana na taratasy milaza ny momba ilay entana, taratasy misy ny zom-pireneny ary ireo taratasy firaketana hafa rehetra izay mety ho takian'ny Fandraharahana ny fadintseranana hoenti-mampihatra ny fepetra momba ny fadintseranana ;

2° a) Raha toa ny sambo ka nofain'ny mpanofa roa na maromaro, ireto farany na ny solontenany nomem-pahefana ara-dalàna dia tsy maintsy, ao anatin'ny fe-potoana voalaza etsy ambony, mametraka ao amin'ny biraon'ny fadintseranana ny

fanambarana tsotsotra ny entana hampiakarina eny ambony sambo sy iandraiketany.

b) ny fanambarana tsotsotra dia tsy maintsy apetraka na dia mbola misy vesatra aza ny sambo.

c) Raha toa ny sambo ka tsy tokony hampiakatra entana mihitsy na raha toa izy ka tsy misy entana, ny fanambarana tsotsotra dia ahitana manokana ny filazana ny entana hampiakarina « tsy misy » na « tsy misy vesatra ».

3° Ny fe-potoana voalaza ao amin'ny paragrafy voalohany etsy ambony dia miato ny alahady sy ny andro tsy fiasana.

4° Ny fanambarana tsotsotra napetraka mialoha, dia tsy manan-kery raha tsy aorian'ny vaninandro ahatongavan'io sambo io. Azon'ny Fandraharahana ny Fadintseranana foanana izany raha toa ny sambo ka tsy tonga ao anatin'ny fe-potoana feran'ny fanapahana ataon'ny Tale Jeneralin'ny Fadintseranana.

5° Aorian'ny fametrahana azy, na dia natao mialoha aza, ny fanambarana tsotsotra dia tsy azo ovaina afa tsy amin'ny fanomezam-pahefana nomen'ny Tompon'andraikitry ny biraon'ny fadintseranana izay voakasika.

TOKO III **MAGAZAY SY TOERANA ANAFAHANA NY FADINTSERANANA**

Foanana ny antokony voalohany ny andininy faha-79 ary ny antokony faharoa an'io andininy io dia afindra ao amin'ny andininy faha-78. Miova ary amboarina toy izao ny fanoratana ity andininy ity:

And. 78. – Ny magazay sy toerana anafahana ny fadintseranana dia azon'ny fikambanana atsangana.

Ny fepetra fanomezana fankatoavana sy ireo fombafomba fitantanana ny magazay sy toerana anafahana dia iankinan'ny fanajana ireo fepetra voarafaritra amin'ny alalan'ny didy amam-pitsipika.

Ny entana izay mampidi-doza na mety hanimba ny entana hafa na koa mitaky ny fametrahana manokana dia tsy azo ampidirina raha tsy any amin'ny magazay na toerana anafahana ny fadintseranana nohajariana manokana mba handray izany.

Foanana ny andininy faha-79 :

And. 79. – Foana.

LOHATENY IV **RAHARAHA MOMBA NY FAMOAHAN 'ENTANA ENY AMIN' NY FADINTSERANANA**

TOKO II **FANAMARINANA NY ENTANA** **Sokajy Voalohany** ***Fepetra fanatanterahana ny fanamarinana ny entana***

Ovaina toy izao manaraka izao ny fanoratana ny andininy faha-107:

And. 107. - 1° Aorian'ny fandraiketana am-boky ny fanambarana amin'ny antsipiriany, mifototra amin'ny valin'ny fitantanana ny risika, araka ny rijan-tenin'ny andininy faha 46 an'ity fehezan-dalàna ity, izay tsy misy fiatraikany amin'ny fanarahamaso any aoriana voalazan'ny andininy faha-53 sy ireo fanomezana tombondahiny voafaritry ny andininy faha-105 ;

Ny fandraharahan'ny fadintseranana dia :

- manao ny fanarahamason' ireo antotantaratasny **mifandraika** amin'ny fanambarana sy ampiarahina aminy, ary
- **manampan-kevitra raha toa ka ilaina** ny fitsirihana iray manontolo na amin'ny aumpahany ireo entana.

TOKO III
FAMARANANA SY FANEFANA NY SARA SY HABA
Sokajy II
Fanefana tolobotsotra

Ovaina toy izao manaraka izao ny fanoratana ny andininy faha-122.2°:

And. 122. 2° Ny mpiasa miandraikitra ny fandraisana ny sara sy haba dia tsy maintsy manome ny tapakila momba izany ny mpiandraikitra **na manome ny fomba ahafahan'ireo mpandoa hetra mahazo ny tapakila elektronika;**

LOHATENY V
FAMPANDALOVANA SY SATA ARA-TOEKARENA
TOKO III
ANKAPOBEN-JAVATRA MIKASIKA NY SATA ARA-TOEKARENA

Ovaina toy izao manaraka izao ny fanoratana ny andininy faha-153:

And. 153. – Ankoatra ny fepetra manokana ho an'ny sata ara toe-karena isan-tsokajiny, ireo olona mangataka ny hisitraka izany sata izany dia tsy maintsy mahafeno sy manaja ireo fepetra rehetra voaraikitra ny rijan-tenin'ity fehezan-dalàna ity sy ireo fepetra voafaritry ny didy amampitsipika.

TOKO IV
FAMETRAHANA ENTANA AMIN'NY FADINTSERANANA
Sokajy II
Fametrahan'entana ho an'ny besinimaro

Afindra ao anatin'ny sokajy II ny andininy mahakasika ny fametrahan'entana ho an'ny besinimaro ary asiana fanovana toy izao:

Sokajy II
Fametrahan'entana ho an'ny besinimaro

And. 158. – Ny Fametrahan'entana ho an'ny besinimaro dia misokatra ho **an'ireo fikambanana** amin'ny fitahirizana ireo karazana entana rehetra ankoatra ireo izay tsy azo ampidirina ao araka ny fampiharana ireo rijantenin'ny andininy faha-153 an'ity fehezan-dalàna ity.

Ampidirina ao anatiny, ny andininy vaovao faha-159 bis, soratana izay toy izao :

And. 159. bis - Mety hisy ihany koa ireo karazana entana izay tsy afaka ampidirina ao anatin'ny fametrahana entana izay voalazan'ny didim-pitondrana avoakan'ny Minisitra misahana ny fadintseranana, rehefa avy nanome ny heviny ireo Minisitra voakasika.

Foanana ny andininy faha 160 :

And. 160. - Foana.

Sokajy IV
Fametrahan' entana tsy miankina amin'ny Fanjakana

Ovaina toy izao manaraka izao ny fanoratana ny andininy faha-172. 2° :

And. 172.- 1° Ny fametrahan' entana tsy miankina amin'ny Fanjakana dia azo ekena **ho an'ny fikambanana** mba ho ampiasainy hametrahana entana eo am-piandrasana ny sata hafa momba ny fadintseranana ekena ampizakaina azy ireo.

2° Ny fametrahan' entana tsy miankina amin'ny Fanjakana dia atao hoe tsotra raha toa izany ka nafoy ho ampiasain'ireo **fikambanana** manao ho anton-draharaha, tena ifotorana na fanampiny, ny fametrahana entana ho an'ny olon-kafa

Ny famoizana dia omena araka ny didim-pitondrana ataon'ny Minisitra miandraikitra ny Fadintseranana, aorian'ny tolo-kevitr'ireo Minisitra voakasika.

3° Ny fametrahan'entana tsy miankina amin'ny Fanjakana dia atao hoe manokana raha toa izany ka omena ireo orinasa eo amin'ny sehatry ny indostria na ny varotra mba hampiasainy manokana. Ny fanomezan-dalana hanokatra fametrahana tsy miankina amin'ny Fanjakana manokana dia ankatoavin'ny Tale Jeneralin'ny Fadintseranana. Io fanomezan-dalana io no mametra ny andraikitr'ilay mpisitraka tombontsoa momba ny fanaraha-maso izany fametrahana entana izany.

4° Ny mpisitraka ny didim-pitondrana famoizana ny toeram-panobiana dia antsoina hoe "nahazo alalana hanoby"

Ovaina toy izao manaraka izao ny fanoratana ny andininy faha-177 :

And. 177. – Ny fanetsehana mahazatra any anaty fitobiana ho fitazomana ny endrik' ireo entana dia ekena araka ny fepetra voafaritry ny didy aman-pitsipika.

Sokajy VI

Fepetra samihafa ampiharina amin'ireo trano fametrahan' entana rehetra

Ovaina ny antokony voalohany ao amin'ny andininy faha-187, ka soratana toy izao :

And. 187. – 1° Rehefa mila fanetsehana hafa akaotra ireo voalazan'ny andininy faha- 177 ireo entana ao anaty fitobiana, ireo entana ireo dia tsy maintsy apetraka amin'ny sata iray izay mifanaraka amin'ny fanetsehana izay nohevina amin'izany.

Ampiana andininy vaovao 188 bis, izay soratana toy izao :

And. 188. bis – Ireo fetretra voarakitra ho an'ny fametrahan' entana ho an'ny besinimaro rehetra araka ny rijatenin'ny andininy 167-2° dia mihatra amin'ireo sokajy fametrahan' entana voalazan'ny andininy 157-2° amin'ity fehezan-dalana ity.

TOKO V

FAMPIDIRANA ENTANA AMIN'NY FOTOANA VOAFETRA

Ampidirana lohateny izay mirija toy izao alohan'ity andininy ity ary ovàna toy izao ny andininy faha-190:

Sokajy I ***Famaritana***

And. 190. Ny atao hoe « fampidirana tsy maharitra », dia ny sata ara-padintseranana izay ahafahana **manafatra** entana amin'ny fampihantonana manontolo na amin'ny ampahany ny sara sy haba, eo amin'ny faritry ny fadintseranana, manana tanjona voafaritry sy natao ho aondrana indray ao anatin'ny fe-potoana voafetra, **ary tsy nisy fanovàna, afa tsy ny fihenana-danja ara-dalàna vokatry ny fampiasana azy, ary tsy misy fampiharana ny fandrarana miendrika ara-barotra ireo entana nafarana.**

Ampidirana lohateny izay mirija toy izao alohan'ity andininy vaovao faha-190 bis ity :

Sokajy II ***Fanomezana sata***

And. 190 bis. - 1° Ny fahazoan-dalana hampiasa ny fitondrana momba ny fampidirana entana tsy maharitra dia omena, araka ny fangatahana nataon'ilay olona mampiasa na mpampiasa ireo entana, amin'ny alalan'ny fanapahana ataon'ny Tale Jeneralin'ny fadintseranana. Na izany aza nefa, ny rijan-tenin-dalàna na didy amam-pitsipika manokana no afaka mitaky ny fanehoan-kevitra mialoha avy amin'ny na ireo Minisitery voakasika. Ny fangatahana dia tsy maintsy manamarika ireo vaovao mifandraika amin'ireo entana nafarana tsy maharitra sy amin'ny fampiasana azy marina.

2° a) Ny Fandraharahana ny Fadintseranana dia mandà ny fanomezana sata fampidirana entana tsy maharitra raha toa ka tsy vita ny manamarina ny famantarana ireo entana nafarana.

b) Na izany aza anefa, ny Fandraharahana ny Fadintseranana dia afaka manome alalana mampiasa ny sata fampidirana entana tsy maharitra na dia tsy voamarina aza ny famantarana ireo entana raha toa ka, ny tsy fanamarinana ho famantarana ireo entana dia tsy nitarika fanararaotana sata.

3° Tsy voakasik'ity sata fampidirana entana tsy maharitra ity ireo entana mie simba araka ny fampiasana izay atao aminy.

4° Ny fombafomba fampiharana ity andininy ity dia ho faritana amin'ny alalan'ny didy amam-pitsipika.

Ampidirana lohateny izay mirija toy izao alohan'ity andininy faha-190 ter vaovao ity :

Sokajy III

Fampidirana entana tsy maharitra ampiatoana tanteraka na amin'ny ampahany ny sara sy haba

And. 190 ter. - 1° Na dia eo aza ireo fanajana fepetra voafaritra amin'ny alalan'ny didy amam-pitsipika, ireto entana manaraka eto ambany ireto dia mahazo ny sata fampidirana tsy maharitra ampiatoana tanteraka ny sara sy haba amin'ny fanafarana :

- a) Ny entana natokana ho atolotra na ho ampiasaina ho amin'ny fampirantiana, ny foara, ny kongresy na ny fihetsiketsehana mitovy amin'izany,
- b) Ny fitaovana matianina,
- c) Ny vatavy lehibe fametrahana entana, takela-pisaka, fonosana, santionany sy entana hafa nafarana ao anatin'ny asa ara-barotra,
- d) Ny entana nafarana natao ho amin'ny fanabeazana, siansa na kolontsaina,
- e) Ny entana manokan'ny mpandeha sy entana nafarana ho amin'ny fanatanjahan-tena,
- f) Ny fitaovana anaovana dokam-barotra ara-pizahantany,
- g) Ny entana nafarana ho an'ny fanasoavam-bahoaka,
- h) Ny fitaovam-pitaterana,
- i) Ny biby.

2° Ny fampidirana entana tsy maharitra ampiatoana amin'ny ampahany ny sara sy haba takiana dia azo omena amin'ireo entana tsy voalaza ao aminy paragirafy 1 etsy ambony na, ho an'ireo entana voalaza, tsy mahafeno ny fepetra rehetra takiana, raha tsy hoe mahafeno ireo

fepetra takiana mahakasika ny mombamomba ny mpangataka, ny sokajin'entana sy ny fangatahana ara-dalàna atolotra.

3° Ny didim-pitondrana ataon'ny Ministra miandraikitra ny Fadintseranana voalaza eo amin'ny paragirafy 1 no mamaritra ny lisitr'ireo entana tsy mahazo sata amin'ny fampidirana entana tsy maharitra.

Ampidirana lohateny izay mirija toy izao alohan'ity andininy faha-190 quater vaovao ity :

Sokajy IV ***Fahazoana mikirakira***

And. 190 quarter.- Ny fikirakirana mahazatra mba hikojakojana ny toetran'ny entana nafarana tsy maharitra mandritra ny fipetrahany eto amin'ny faritra dia afaka atao aorian'ny fahazoana alàlana avy amin'ny Fitantanandraharahan'ny Fadintseranana. Ireo asa ireo dia tanterahina eo anatrehan'ny mpiasan'ny fadintseranana.

Ampidirana lohateny izay mirija toy izao ity andininy faha-191 ity:

Sokajy V ***Fe-potoanan'ny fampidirana tsy maharitra sy fametrahana ny antoka***

And.191. Mba hahazoana misitraka ny fampidirana entana tsy maharitra, ny mpanafatra entana, raha tsy hoe mampiasa ny karine ATA na karine CPD izy, dia tsy maintsy manao filazana omban'antoka izay anaovany fanekena ho amin'ny fanondranana indray, na hametraka ny vokatra ampidirina vonjimaika ao amin'ny sata ara-toekarena hafa ao anatin'ny fe-potoana izay tsy tokony hiotra ny roa ambin'ny folo volana. Io fe-potoana io dia azon'ny fandraharahana halavaina arakany fangatahana ataon'ilay olona fototra tsy maintsy manao izany.

Misy fe-potoana manokana azon'ny Fandraharahana mombany Fadintseranana faritanana hoan'ny fikambanana misitraka ny fifanarahana fametrahana sampan'asa iray eto Madagasikara, na ho an'ny Ambasady, ny Konsily fehezin'ny Fifanarahana tao Vienne na ho an'ny antokon-draharaha hafa iraisam-pirenena, na hoan'ny entana ka ny faharetan'ny fampiasana eo amin'ny faritry ny Fadintseranana Malagasy dia voalazan'ny rijan-tenin'ny fehezan-dalàna hafa.

Ampidirana lohateny izay mirija toy izao alohan'ity andininy faha-193 ity :

Sokajy VI ***Fepetra mifandraika amin'ny entana mizakany sata fampidirana entana tsy maharitra***

And. 193. - 1° Afa tsy fanomezan-dalana avy amin'ny Fandraharahana momba ny Fadintseranana, ny entana nafarana tamin'ny alalan'ny sata fampidirana entana tsy maharitra dia tsy azo amidy mandritra ny fotoana ipetrahan'izany amin'io sata io.

2° Ny tsy fanatanterahan'ny fanekena natao sy ny fanodikodinana ireo entana misitraka ny fampidirana entana tsy maharitra any amin'ny toerana manokana andefasana azy dia iharan'ny rijan-teny volazan'ny andininy faha 359.2° et 370.4° amin'ity Fehezan-dalàna ity.

Ampidirana lohateny izay mirija toy izao alohan'ity andininy 193 bis ity :

Sokajy VII

Ny habetsaky ny haba tokony haloa manoloana ny entana mizaka ny sata fampidirana entana tsy maharitra misy fampihantona na amin'ny ampahany

And. 193 bis.- 1° Ny tontalin'ny sara sy ny haba tsy maintsy aloha ho an'ny fampidirana ireo entana mizaka ny sata fampidirana entana tsy maharitra misy fampihantonana amin'ny ampahany dia ferana ho telo isan-jato (3%), isam-bolana na ampaha-bolana mandritra ny fotoana izay nametrahana ny entana teo amin'ny sata fampidirana entana tsy maharitra misy fampihantonana amin'ny ampahany , ny totalin'ny haba izay tokony nalaina tamin'ireo entana ireo raha toa ka namidirina amin'ny fanjifana izany tamin'ny vaninandro izay nametrahana azy ireo tamin'ny sata fampidirana entana tsy maharitra.

2° Ny tontalin'ny sara sy haba ho raisina dia tsy tokony ho ambonin'izay tokony noraisina raha toa ka nojifaina ireo entana voakasika amin'ny vaninandro nametrahana amin'ny sata fampidirana entana tsy maharitra, miampy ireo zana-bola izay mety hoheverina ampiharina amin'izany.

Ampidirana lohateny izay mirija toy izao alohan'ity andininy 193 ter ity :

Sokajy VIII

Famafana ny sata fampidirana entana tsy maharitra

And. 193 ter- 1° Ny sata fampidirana entana tsy maharitra dia voafafa amin'ny alalan'ny fametrahana fanambarana fanondranana indray na amin'ny fametrahana ireo entana ireo amin'ny sata ara-toekarena hafa ho amin'ny fanondranana indray, izay feran'ny fanajana ireo rijan-tenin'ity fehezan-dalàna ity izay ampiharina isaky ny tranga.

2° Noho ny antony mari-pototra, ara-dalàna sy eken'ny Fandraharana mombany Fadintseranana izay mitarika ny tsy fahafahana marina hanondrana indray na hametrakany entana ampidirina tsy maharitra amin'ny sata ara-toekarena hafa, ny fanarenana ny fanambarana momba ny fampidirana tsy maharitra dia azo omen-dalana amin'ny alalan'ny famoahana hoan'ny fanjifana, ka andoavana sara sy haba kajiana amin'ny alalan'ny anjaran'ny tsirairay manan-kery amin'ny andro andraketana ny fanambarana amin'ny antsipiriany ny fametrahana hojifaina, ampitomboina ny zana-bola noho ny fahatarana ka ny taha dia faritan'ny didim-pitondrana ataon'ny Minisitra miandraikitra ny Fadintseranana. Araka izany, ny sanda horaisina dia izay tokony nakana sara sy haba tamin'ny fotoana nametrahana ny fanambarana momba ny fampidirana tsy maharitra. Ny zana-bola dia kajiana manomboka amin'ny andro voalohany amin'ny volana manaraka ny volana nametrahana voalohany ny entana amin'ny sata fampidirana tsy maharitra ka hatrmin'ny andro farany amin'ny volana nanaovana ny fametrahana ho amin'ny fanjifana.

3° Rahefa hapetraka amin'ny fanjifana noho ny fanomezan-dalana avy amin'ny Fitantanan-draharahan'ny Fadintseranana ireo entana napetraka amin'ny sata fampidirana entana tsy

maharitra misy fampihantonana amin'ny ampahany, ny tontalin'ny sara sy haba tsy maintsy efaina dia mitovy amin'ny elanelan'ny tontalin'ny sara sy haba voafaritry amin'ny fampiharana ny antokony faharoa etsy ambony sy izay naloa amin'ny fampiharana ny andininy faha-193 bis amin'ity fehezandalana ity. Ny zana-bola amin'ny fahatarana voalazan'ny antokony faharoa etsy ambony dia ampiharina amin'ny tontaly izay voafaritry.

4° Ny fametrahana ho amin'ny fanjifana ny kojakoja nampidirina tsy maharitra arak any fepetra voalazan'ny rijan-teny hafa toy ny LGIM, ny Fehezandalana momba ny solitany, ny Fifanarahana fametrahana, ny Fifanarahana tany Vienne, ny Lalàna mikasika ny Faritra afaka haba ary ny fifanarahana eo amin'ny Governemanta Malagasy/ny Fanjakana sy ny antokon-draharaha iraisam-pirenena dia mijanona iharan'ny fepetra voalazan'ny rijan-tenin'ny didy amam-pitsipika manan-kery.

Ampidirana lohateny izay mirija toy izao alohan'ity andininy faha-193 quater vaovao ity :

Sokajy IX

Famindrana ny sata fampidirana entana tsy maharitra

And. 193 quarter.- Avy amin'ny alalan'ny fahazoan-dalana avy amin'ny Fitantanandraharahan'ny Fadintseranana, ny sata fampidirana entana tsy maharitra dia azo hafindra amina tompony vaovao monina eto amin'ny Repoblikan'i Madagasikara. Ny tompony vaovao dia tsy maintsy mametraka fanambarana momba ny Fadintseranana mahakasika ny fametrahana io sata io. Ny fe-potoana voalohany nijanonan'ny entana tao amin'ny sata fampidirana entana tsy maharitra dia tsy miova. Ny tompony vaovao dia tsy maintsy mameno ny fepetra rehetra takiana amin'ny fahazoana sata ary tsy maintsy manaja sy manaraka ny adidy aman'andraikitra mahakasika izany.

TOKO VI

FANATSARANA ENTANA NAFARANA

Ovaina ny an-dàlana roa farany amin'ny antokony faharoa amin'ity andininy faha-194 ity, soratana toy izao :

Art. 194. - 2° Ny fahazoan-dalana hanatsara ny entana nafarana dia omen'ny Tale Jeneralin'ny fadintseranana :

- ny olona napetraka eto Madagasikara, manana ny fitaovam-piasana ilaina amin'ny fanodinana, fanamboarana na ny famenon'ny mpiasa ary koa izay ahafahana manana izany fitaovam-piasana izany nampandraiketana olon-kafa indray ;
- ny entana nafarana izay azo faritana anatin'ny vokatry atao setriny.

Misy fepetra hafa manokana azo lazaina amin'ny alalan'ny didy amam-pitsipika ho an'ny entana mila fitandremana sy mitana ny laka.

Raha tsy famelana handingana fepetra neken'ny Tale Jeneralin'ny Fadintseranana, ny faharetan'ny fijanonan'ny entana raha ela indrindra araka ny fitondrana momba ny fanatsarana ny hoentimihetsika dia roa ambin'ny folo volana manomboka ny vaninandro andraketana am-boky ny fanambarana ny fanafarana entana.

Ho fanamorana ny fitsirihana sy ny fanaraha-maso ataon'ny Fandraharana momba ny Fadintseranana, ny mpisitraka ny sata hanatsara ny entana nafarana dia tsy maintsy mifandray amin'ny biraon'ny Fadintseranana izay akaiky indrindra ny toeram-pamokarany.

Ny fepetra ampiharana ity andininy ity dia ho faritana amin'ny didy ama-pitsipika.

Ovaina toy izao manaraka izao ny fanoratana ny andininy faha-199.-5°:

Art. 199.- 5° Raha toa ny toe-java-misy ka manamarina izany, ny mpanao tonom-bola dia tsy afaka hanao fanondranana indray na fametrahana hojifaina ny vokatra fanonerana na ny entana nafarana teo aloha, ireo vokatra ireo dia azo avela ho an'ny Fandraharana momba ny Fadintseranana na potehina eo anatrehan'ny mpandraharahan'ity farany, **izany dia voafetran'ny fanatanterahana ireo fombafomba ara-paditseranana.** Ny mpangataka no miantoka ny lany amin'ny fanapotehana.

TOKO IX **FANODINANA TSY ANDOAVANA HABAN-TSERANANA**

Ovaina toy izao manaraka izao ny fanoratana ny andininy faha-208.-4°:

Art. 208.- 4° Raha toa ny toe-java-misy ka manamarina izany, ny mpanao tonom-bola dia tsy afaka hanao fanondranana indray ny entana nafarana teo aloha, na fametrahana hojifaina ny vokatra voahodina, ny vokatra eo anelanelany, na ny akora fototra, ireo vokatra ireo dia azo avela ho an'ny Fandraharana momba ny Fadintseranana na potehina eo anatrehan'ny mpandraharahan'ity farany, **izany dia voafetran'ny fanatanterahana ireo fombafomba ara-paditseranana.** Ny mpangataka no miantoka ny lany amin'ny fanapotehana.

LOHATENY VII

RAHARAHANA OMENA TOMBON-DAHINY

TOKO VOALOHANY **FANAFAHANA AMIN'NY SARA SY HABA**

Ovaina toy izao ny an-dàlana h) amin'ny antokony voalohan'ny andininy faha-240:

And. 241 – 1°- h) Ny fanomezana natolotry ny fikambanana avy any ivelany natokana ho an'ny **akany** nankatoavina hanao asa fanasoavana,

TOKO II **FAMATSIANA IREO SAMBO SY IREO FIARAMANIDINA** **Sokajy I** ***Fepetra manokana ho an'ny sambo***

Ovaina toy izao ny an-dàlana a) amin'ny antokony voalohan'ny andininy faha-241 :

And. 241 – 1° Ny karazana sambo arak'izay voalaza ao amin'ny antokony etsy ambony, dia omen-dalana hampiakatra entana tsy mandoa sara sy haba amin'ny fanafarana.

a) Ny vokatra amatsiana, hatramin'ny habetsahana heverin'ny fandraharahana momba ny fadintseranana fa tokony ho ampy izay hijerena ny isan'ny mpandeha sy ny mpikambana ao amin'ny fanamoriana, ny faharetan'ny fandalovana sy ny habetsahan'ny efa ao anaty sambo;

b) Ny vokatra amatsiana natao ho ampiasaina ilaina amin'ny fampandehanan-draharaha sy ny fikojakojana, ao anatin'izany ny solika fandrehatra, ny solika ary ny menaka, hatramin'ny habetsahana heverina ho tokony ho ampy mandritry ny fandalovana, ary hijerena ihany koa ny habetsahan'ny efa ao anaty sambo.

2° Tsy afaka misitraka ny satan' ny fanafahana amin'ny sara sy haba voalaza ao amin'ny antokony etsy aloha raha tsy ny karazana sambo ampiasaina na natokana ho ampiasaina amin'ny fifamoivoizana iraisam-pirenena voalaza manaraka etoana :

- Ny sambo ara-barotra an-dranomasina,
- Ny sambo ampiasaina amin'ny asa aman-draharaha ara-indostria,
- Ny sambo mitondra ireo manam-pahefàna ara-panjakàna.

3° Afaka misitraka ny satan' ny fanafahana amin'ny sara sy haba ihany koa ireo sambo natokana ho amin'ny fanjonoana an-dranomasina matihanina.

4° Hisy rijan-tenin-didy amam-pitsipika amerana ny antsipirian'ny entana voalaza ao amin'ny andininy faha-241 sy faha-246 amin'ity Fehezan-dalàna ity.

Ampiana andininy 241 bis voasoratra toy izao manaraka izao :

And. 241 bis. – Ny famatsiana dia azo tontosaina eny an-dranomasina, ao antin'ny faritra ara-toekarena manokan'ny Repoblikan'ny Madagasikara, feran'ny fanajana ny rijan-tenin'ity fehezan-dalana ity izay ny fombafomba fampihàrana dia horaikaitina amin'ny alalan'ny didy amam-pitsipika.

LOHATENY X

FIFANOLANANA

TOKO IV

PAIKA ARAHANA MANOLOANA NY FITSARANA

Sokajy II

Paika arahina manoloana ny fitsaràna ady madio

Ampiana antokony faharoa ny andininy faha- 306, izay soratana toy izao :

And. 306. – 1° Ny didim-pitsaràna rehetra navoakan'ny fitsaràna mikasika ny fadintseranana dia azo anaovana fampiakaram-pitsaràna ambony, na inona na inona ny havesa-danjan'ny fifanolàna, araka ny fitsipika ao amin'ny Fehezan-dalàna momba ny paik'ady madio.

2° Ao anatin'ny iray volana amoahan'ny mpitsara an'ilay didim-pitsaràna mirakitra ny fanamarinana ny firafitry ny fandaniem-bola na ny haba amin'ny vola aloha, dia voatery tsy maintsy

mampita ny kôpia nalaina avy amin'ny didim-pitsaràna na ny didy manome fahefàna hanantanterahana amin'ny birao na sampandraharahan'ny fadintseranana izay voakasika ireo mpiraki-draharaha.

TOKO V
FANATANTERAHANA NY DIDIM-PITSARANA MANERY SY NY ADIDY AMAN'ANDRAIKITRA
MIKASIKA NY FADINTSERANANA
Sokajy II
Fomba fanatanterahana

Foanana ny antokony enina voalohany amin'ny andininy faha-334, ka soratana toy izao ity andininy ity :

And. 334. - 1° Ankoatran'ireo lalàna fanatanterahana eo amin'ny lalàna mifehy ny ankapobem-bahoaka, izy manome alalana ireo tompon-trosa hihazona na hivarotra ny fananan'ireo mpitrosa, dia azon'ny Tale Jeneralin'ny Fadintseranana sy ireo mpandrain'ny Fadintseranana ny mihazona ny vola eo ampelatanan'ireo olona rehetra izay mpitrosa amin'ilay olona hananan'ny Fanjakàna trosa. Izany dia atao amin'ny alalàn'ny filazàna ho an'ireo olona rehetra mpitrosa mpihazona.

2° Ireo tompon'antoka, ireo ametrahana vola na ireo ananana vola izay ny mpandoa hetra sy haba no tompony na tokony ho tompony, na sendrasendra lamandy na sazy araky ny fadintseranana izay heverina ho azo antoka ny fitakiana azy noho ny tombontsoa anànan'ny fitondrahandraharahan'ny fadintseranana izay voalaza ao amin'ny andininy 326, dia voatery tsy maintsy mandrotsaka ny vola eo ampelatanany na trosa tokony hefainy, ho solon'ny na amin'ny toeran'ireo mpandoha hetra, rehefa nandefasana fangatahana izy ireo, izay miendrika ho filazàna ho an'ny olon-kafa mpihazona izay mahazo fampandrenesana avy amin'ny mpiandraikitra ny vola miditra eo amin'ny fadintseranana, ka ny tetibid'izay aloha amin'izany dia hatramin'ny totalin'ny trosa tokony haloan'ny mpandoha hetra.

3° Raha ny momba ireo orindraharaha ara-bola indray, ny fanagiazana dia mahakasika ireo vola rehetra izay ananan'ny tompon-trosa, indrindra fa ny sisam-bola miabo amin'ny fananam-bolany ao amin'ny banky. Ny fananam-bolan'ny tompon-trosa dia mihitsoka manomboka amin'ny fotoana andraisana ny filazàna, noho izany dia tokony hanome ny antsipirian'ny raharaha izay ataon'ny tompon-trosa ao amin'ny banky ao anatin'ny efitra ambiroapolo ora nialoavan'ny fandraisana ilay filazàna amin'ny Fandraharahàna ny Fadintseranana ny orindraharaha ara-bola.

4° Raha ny momba ireo olon-kafa mpihazona, ny fanagiazana dia mahakasika ireo vola tokony nohefaina na hefaina mandra-paha taperan'ny trosa izay misoratra eo amin'ny filazàna.

Ovaina toy izao ny fanoratana ny antoko faharoa amin'ny andininy faha-336 :

And. 336. 2° Na izany aza, dia azo ahantona ny fivarotana, raha toa ka mandrotsaka antoka izay heverina fa ampy hatramin'ny mitovy teti-bidy amin'ireo entana nogiazan'ny **Fandraharahàna ny Fadintseranana** ny mpandika lalàna, ka izany dia ao anatin'ny iray volana manomboka amin'ny datin'andro nanatanterahana ny fangaziana. Amin'ny tranga ho an'ireo entana mora samba, io fe-potoana io dia ferana ho dimy ambin'ny folo andro.

TOKO VII
FEPETRA FAMAIZANA
Sokajy I

Fanasokajiana ny fandikan-dalàna amin'ny fadintseranana sy sazy fototra

Ovaina toy izao ny fanoratana ny antokony voalohan'ny andininy faha-362 :

And. 362. – Mety hiharan'ny famaboana ny entana misy hosoka, ny famaboana ny fomba fitaterana, ny famaboana ny entana nentina hanaronana ny hosoka, ny onitra tafiditra eo anelanelan'ny avo roa heny sy telo avo heny amin'ny tetibidin'ny zavatra nobaboina sy fampidirana an-tranomaizina roa ka hatramin'ny telo taona :

1° Ny heloka tsootra amin'ny fampidirana entana antsokosoko nataon'ny olona mihoatra ny enina, na nataon'ny telo na mihoatra, **mampiasa fitaterana izay voizin'olombelona na mitaingina biby ho toy ny fitaovam-ptanterana**, na mitondra na tsy mitondra ny entana misy hosoka izy rehetra ireo ;

TOKO VII
FEPETRA FAMAIZANA
Sokajy III

Tranga manokana amin'ny fampiharana ny sazy

Ovaina toy izao ny fanoratana ny paragirafy faharoa amin'ny andininy faha-378 :

And. 378. 2° - Ho an'ny fampiharana ny sazy ara-bola, ny sanda horaisina dia ny sanda eo amin'ny tsena anatiny na eo amin'ny fanafarana entana izany na eo amin'ny fanondranana entana **ary ny fombafomba hikajiana ity farany ity dia ferana amin'ny alalan'ny fanapahana ataon'ny Tale Jeneralin'ny Fadintseranana.**

Nefa kosa, ho an'ireo fandikàn-dalàna mikasika ny entana izay voaràra tanteraka ny fidirany na ny fivoahany eto amin'ny firenena, ny sanda ampiharina amin'ny fikajiana ny sazy dia ny vidin'entana iraisam-pirenena.

Ny ambiny tsy misy fanovàna.

B. MOMBA NY LAZAM-BIDY MOMBA NY SARAN'NY FADINTSERANANA :

- 1) Fampiakarana ny tahan'ny haban-tseranana ho 20% ho an'ny fonosana plastika efa fanjifa ao amin'ny zana-tsokajy n°63 05 33 10 à 20% fa tsy 10%:

TSY HOE :

TARIF N°	DESIGNATION DES PRODUITS	UQN	DD	TVA	DD APEi
63.05	Sacs et sachets d'emballages.				
6305.33	-- Autres, obtenues partir de lames ou formes similaires de polyéthylène ou de polypropylène :				
6305.33 10	--- Neufs -----	kg	10	20	5
63.07	Autres articles confectionnés, y compris les patrons de vêtements.				
6307.20 00	- Ceintures et gilets de sauvetage -----	kg	10	20	5

FA VAKIO HOE :

TARIF N°	DESIGNATION DES PRODUITS	UQN	DD	TVA	DD APEi
63.05	Sacs et sachets d'emballages.				
6305.33	-- Autres, obtenues partir de lames ou formes similaires de polyéthylène ou de polypropylène :				
6305.33 10	--- Neufs -----	kg	20	20	5
63.07	Autres articles confectionnés, y compris les patrons de vêtements.				
6307.20 00	- Ceintures et gilets de sauvetage -----	kg	20	20	5

- 2) Fanesorana ny zana-tsokajy nasionaly misy ny famaritana : « faits à la main ».

Toko faha- 03 :**TSY HOE :**

TARIF N°	DESIGNATION DES PRODUITS	UQN	DD	TVA	DD APEi
	- Poissons fumés, y compris les filets, autres que les abats de poissons comestibles :				
0305.49	-- Autres :				
0305.49 10	--- Faits à la main (1) -----	kg	20	20	3
0305.49 90	--- Autres-----	kg	20	20	3
	(1): Note explicative : Pour être classés dans cette sous-position, les produits de l'espèce doivent :				
	<ul style="list-style-type: none"> • Répondre à la définition des produits faits à la main : « Etre un produit utilitaire, produit d'art ou de prestation de service requis par un travail manuel de transformation de matière ou de maintenance. La part du travail manuel doit être prépondérante, sans pour autant restreindre l'utilisation de la machine. » • Obtenir un certificat délivré par les chambres des métiers, ou par la Direction de l'artisanat, ou par les délégations régionales de l'artisanat. 				

FA VAKIO HOE :

TARIF N°	DESIGNATION DES PRODUITS	UQN	DD	TVA	DD APEi
	- Poissons fumés, y compris les filets, autres que les abats de poissons comestibles :				
0305.49 00	-- Autres -----	kg	20	20	3

Toko faha-04 :**TSY HOE :**

TARIF N°	DESIGNATION DES PRODUITS	UQN	DD	TVA	DD APEi
04.06	Fromages et caillebotte.				
0406.10	- Fromages frais non affinés, y compris le fromage de lactosérum (non affinés), et caillebotte				
0406.10 10	--- Faits à la main (2)-----	kg	20	20	20
0406.10 90	--- Autres-----	kg	20	20	20
	Notes explicatives.				
	(1) Pour être classés dans les sous-positions n° 0402.10 91, 0402.21 20, 0404.10 10, 0405.90 30, 0408.11 10 et 0408.91 10, les produits de l'espèce doivent remplir à la fois les conditions suivantes : <ul style="list-style-type: none"> • être exclusivement utilisées comme matières premières ou intrants dans les industries laitières et d'autres produits alimentaires • être conditionnés en contenant de 25 kg ou plus, • être importés directement par les industries concernées. 				
	(2) Pour être classés dans cette sous-position, les produits de l'espèce doivent : <ul style="list-style-type: none"> • Répondre à la définition des produits faits à la main : « Etre un produit utilitaire, produit d'art ou de prestation de service requis par un travail manuel de transformation de matière ou de maintenance. La part du travail manuel doit être prépondérante, sans pour autant restreindre l'utilisation de la machine. » • Obtenir un certificat délivré par les chambres des métiers, ou par la Direction de l'artisanat, ou par les délégations régionales de l'artisanat. 				

FA VAKIO HOE :

TARIF N°	DESIGNATION DES PRODUITS	UQN	DD	TVA	DD APEi
04.06	Fromages et caillebotte.				
0406.10 00	- Fromages frais non affinés, y compris le fromage de lactosérum (non affinés), et caillebotte -----	kg	20	20	20
	Notes explicatives.				
	(1) Pour être classés dans les sous-positions n° 0402.10 91, 0402.21 20, 0404.10 10, 0405.90 30, 0408.11 10 et 0408.91 10, les produits de l'espèce doivent remplir à la fois les conditions suivantes : <ul style="list-style-type: none"> • être exclusivement utilisées comme matières premières ou intrants dans les industries laitières et d'autres produits alimentaires • être conditionnés en contenant de 25 kg ou plus, • être importés directement par les industries concernées. 				

Toko faha-06 :**TSY HOE :**

TARIF N°	DESIGNATION DES PRODUITS	UQN	DD	TVA	DD APEi
06.03	Fleurs et boutons de fleurs, coupés, pour bouquets ou pour ornements, frais, séchés, blanchis, teints, imprégnés ou autrement préparés				
0603.90	- Autres				
0603.90 10	--- Faits à la main (1)-----	kg	20	20	5
0603.90 90	--- Autres-----	kg	20	20	5
	(1) : Note explicative : Pour être classés dans cette sous-position, les produits de l'espèce doivent : <ul style="list-style-type: none"> • Répondre à la définition des produits faits à la main : « Etre un produit utilitaire, produit d'art ou de prestation de service requis par un travail manuel de transformation de matière ou de maintenance. La part du travail manuel doit être prépondérante, sans pour autant restreindre l'utilisation de la machine. » • Obtenir un certificat délivré par les chambres des métiers, ou par la Direction de l'artisanat, ou par les délégations régionales de l'artisanat. 				

FA VAKIO HOE :

TARIF N°	DESIGNATION DES PRODUITS	UQN	DD	TVA	DD APEi
06.03	Fleurs et boutons de fleurs, coupés, pour bouquets ou pour ornements, frais, séchés, blanchis, teints, imprégnés ou autrement préparés				
0603.90 00	- - Autres -----	kg	20	20	3

Toko faha-08 :**TSY HOE :**

TARIF N°	DESIGNATION DES PRODUITS	UQN	DD	TVA	DD APEi
08.01	Noix de coco, noix du Brésil et noix de cajou, fraîches ou sèches, même sans leurs coques ou décortiquées.				
0801.11	- Noix de coco :				
	- - Desséchées				
	- - - Râpées, lyophilisées et traitées aux fins d'améliorer leur stabilité, utilisées comme matières premières ou intrants dans les industries alimentaires (1)				
0801.11 11	- - - Faits à la main (2)-----	kg	5	20	5
0801.11 19	- - - Autres-----	kg	5	20	5
	- - - Autres :				
0801.11 21	- - - Faits à la main (2)-----	kg	20	20	20
0801.11 29	- - - Autres-----	kg	20	20	20
